

# MANDEHANA, TENENO



Mijoro vavolombelona, ary ilay anabavy kely iry aoriana iry, heveriko fa izany dia maneho an'ilay hira hoe:

Oh, ny fitiavan'Andriamanitra, tena manan-  
karena sy madio!

Tena tsy voarefy sy mahery!

Andro iray toy ny inona ho antsika izany. Ndao isika ampahanginana fotsiny, miaraka amin'ny lohantsika miondrika ankehitriny, hihira an'izany ho an'ny Tompo mihitsy alohan'ny vavaka. Izao fotsiny, Teddy, raha sitrakao, omeo anay ilay naoty kely. Ary ndao isika hihira fotsiny an'izany ho... miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ny masontsika mikimpy, alohan'ny vavaka mihitsy.

Oh, ny fitiavan'Andriamanitra, tena manan-  
karena sy madio!

Tena tsy azo refesina sy mahery!

Izany dia ho mandrakizay... [Elanelana tsy  
voaraki-peo—Mpand.]

<sup>2</sup> Raha ny ranomainty, ny rano rehetra hivadika ho ranomainty, ka lasa horonan-taratasy ireo lanitra rehetra, ary ny taho rehetra eto an-tany ho penina, ary ny olona rehetra ho mpanora-dalàna amin'ny asany, dia mbola tsy afaka manambara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny taranaka lavon'i Adama izany. Misaotra Anao izahay, Ray, noho ilay Rà sarobidin'ny Tompo Jesosy, sy noho ilay maraina fahatsiarovana ny fitsanganana, ary nohon'ny Fitiavanao manavotra izay narotsaka tao am-ponay androany, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Mampiditra anay ao amin'ny fiombonana miaraka Aminy, ilay Anankiray Masina, ilay Mpamorona. Ampidiro ao amin'ny firahalahiana iray izahay, eto an-tany, izay tsy azo nihoarana mihitsy. Tsy misy trano, tsy misy voady, azo mihitsy, mihitsy ampitahaina amin'ny firahalahian'ny lehilahy sy vehivavy nateraka indray. Ary izany no ho hiran'ireo olo-masina sy ireo anjely mandrakizay!

<sup>3</sup> Mivavaka izahay androany mba Hitahianaon'ny rehetra izay ataonay ao amin'ny fiezahana haneho, ny—ny fankasitrananay Anao ato am-ponay, ny amin'izay Nataonao ho anay. Ary ny mahafantatra fa tsy ny fon'ireo mpianatra irery ihany no lasa faly tamin'io maraina io, Maria ary Maria Magdalena, fa izahay koa, ny Mpianatrao amin'izao andro izao, dia lasa faly ny fonay tamin'ny ora izay nahitanay fa tsy maty Izy, fa velona. Enga anie Izy hitoetra velona ao am-ponay mandrakariva, eo afovoanay. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Tsy misy mihitsy olona afaka haneho an'ilay fitsanganana!

4 Ankehitriny, eo amin'ity marainan'ny fitsanganana ity, izany dia fotoana iray tena mahafinaritra ho an'ireo zava-mitranga kely miseho ato amin'ny fiangonana ankehitriny, izany dia, ireo reny manolotra ny zanany. Zavatra vaovao izany, zavatra iray niampy tao an-tranon'izy ireo. Fitahiana vaovao iray no tonga tamin'izy ireo. Ary izy ireo dia maniry ny, ho valiny, hanome an'izany ho an'Andriamanitra.

5 Ary avy eo aorian'ny—ny hafatry ny maraina, dia hanana vavaka ho an'ny marary isika, mba hitsangananareo avy amin'ny aretinareo, mankany amin'ny fahasalamana vaovao. Avy eo aorian'izany avy hatrany, ho an'ireo izay tsy vita batisa, dia hanana fitsanganana iray ho an'izany isika; alevina ao anaty rano, mba hitsangana ho amin'ny fiainam-baovao. Izany dia fitsanganana manontolo izao maraina izao, fitsanganana! Natao lasa faly sy maivana ny fontsika, raha mihira an'ireo hira isika sy mihaino an'ireo fijoroana vavolombelon'ny hafa, an'ity marainan'ny fitsanganana mahafinaritra ity. Ary mijery any ivelany isika dia hitantsika fa faly Andriamanitra mikasika an'izany, mitsangana ireo hazo.

6 Indray andro lasa, tany Kentucky, nihaza vontsira izaho sy Atoa. Wood, ary nandeha tany amin'ny toeran'ny lehilahy iray izahay. Mety mipetraka manatrika io lehilahy io izao ankehitriny izao, raha ny fantatro. Ary natao ho tsi-mahatoky iray izy. Dia nanontany azy Rahalahy Wood, nanao hoe, “Afaka mihaza vontsira eto amin'ny toeranao ve aho?”

Hoy izy hoe, “Eny, Wood, afaka mihaza vontsira ianao. Mandehana.” Hoy izy, “Eny, izaho dia nitondra, ny pasiterako ao.”

7 Ary hoy izy hoe, “Wood, tsy hiteny amiko ianao fa lasa tena ambany ka tsy maintsy hitondra mpitory teny iray foana miaraka amina!”

8 Ary noho izany dia niantso ahy izy mba—mba hampahafantatra ahy. Ary nilaza ilay lehilahy fa raha ny marina dia karazan'ny lehilahy iray sarotiny izy. Nilazan'ireo hafa izy, fa, saingy tsy mety mahita na inona na inona izy hanao azy hino.

9 Ary nisy hazo paoma nitsangana tany izay nangalako paoma anankiray. Aogositra tamin'izany. Ary nilaza tamin'ilay lehilahy mihaja aho, hoy aho hoe, “Firy taona ity hazo ity?”

10 Dia hoy izy hoe, “Telopolo taona eo ho eo,” mihoatra na hafa. Izy no namboly an'izany.

11 Dia hoy aho hoe, “Efa nihinana an'ireo paoma hatramin'ny namokarany ve ianao?”

“Eny, tempoko.”

12 Hoy aho hoe, “Inona no mitranga amin'ity hazo ity? Raha hijery azy ianao, Aogositra izao, mafana foana ny toetr'andro; fa

ankehitryny dia mihintsana avy eo amin'io hazo io ireo ravina, ary miala amin'ireo sampany ny tsiron-kazo, midina mankany amin'ny fakany. Raha hijanona eto ambony eto mandritry ny ririnina izany, dia tsy hisy intsony ilay hazo; fa midina mankany amin'ny fotaka izy, mba hanafina ny tenany amin'ireo tsio-drivotra mangatsiaka. Raha mijanona eto ambony eto izy, dia ho faty, tsy hamokatra paoma intsony izy. Fa midina izy mba hanafina ny tenany ao amin'ny fakany, mba hiverina indray amin'ny taona manaraka, hitondra paoma sasantsasany ho anao avy any ho any, sy ravina sasantsasany.”

<sup>13</sup> Ary hoy aho hoe, “Ankehitryny, tompoko, izaho—mivavaka aho mba hitenenanao amiko hoe Fahaizana inona no manao an'ilay tsiron-kazo hiala amin'ny hazo alohan'ny toetr'andro mangatsiaka iray, ka midina mankany amin'ny fakany mba hiafina? Raha afaka miteny amiko ianao hoe inona no manao an'izany, ary manazava azy amiko, hoe inona no manao an'izany, amin'izay fotoana izay dia hamela anao hametraka ny tãnanao eo amin'Andriamanitra aho.” Hoy aho hoe, “Apetraho eo amin'ny andry iray ny rano ary jereo raha hanao an'izany izy, jereo raha hanao an'izany ny fiovan'ny vanim-potoana. Misy Fahaizana lehibe iray mampidina an'io tsiron-kazo io ao amin'ilay fakan-kazo, ary avy eo dia mamerina azy miaraka amin'ny fiainana vaovao indray. Andriamanitra izany.”

<sup>14</sup> Dia hoy izy hoe, “Tsy nandeha tany am-piangonana loatra mihitsy aho.” Hoy izy, “Fa nisy mpitory teny tonga teto Acton, indray mandeha, ary niteny tamin'ny vehivavy anankiray, nipetraka teny amin'ny havoana, hoe ny rahavaviny dia tany amin'ny fivoriana tamin'io hariva io, ary nilaza taminy fa nivavaka ho an'ny rahavavy iray izay voan'ny homamiadana izy.” Ary hoy izy hoe, “Izaho sy ny vadiko dia efa tany mba hanampy azy.” Ary hoy izy, “Tena narary mafy izy, niaraka tamin'ny homamiadan'ny vavony, hany izy ireo ka tsy maintsy namadika azy teo am-pandriana tamin'ny lambam-pandriana iray, sy ny sisa. Nentin'ny rahavaviny niverina ilay mosara,” hoy izy, “taorian'ny nilazan'ilay lehilahy taminy mikasika ny toerany sy ny rehetra, nanao hoe 'apetraho eo aminy ilay mosara.” Ary hoy izy, “Salama izy androany.”

<sup>15</sup> “Ary mba hanehoana fotsiny izany.” Hoy aho hoe, “Ilay Fahaizana iray ihany izay niteny tamin'io tsiron-kazo tao amin'ny hazo io, isan-taona, eo anatrehan'ny masonao mihitsy, mba hidina mankany amin'ny fakany sy hiafina, no ilay Fahaizana iray ihany izay niteny tamiko hoe ho sitrana ilay vehivavy rehefa napetrany ilay . . .” Hoy aho hoe, “Izany dia tsy tena—tena mahagaga. Manana mpitory teny iray tsara lavitra ianao mijoro eo alohan'ny tokontaninao, ilay hazo, izay miteny aminao isan-taona.”

<sup>16</sup> Raha mijery manodidina fotsiny isika, dia mahita an'Andriamanitra hatraiza hatraiza. Ao anatin'ny hazo rehetra

Izy, ny singan'ahitra rehetra. Tsy misy na inona na inona afaka mamokatra an'izany afa-tsy Andriamanitra. Afaka mamokatra zavatra mitovy amin'izany isika; saingy tsy ilay aina, Andriamanitra izany.

<sup>17</sup> Ankehitriny, singan'ahitra kely no nampiana tamin'ny tokantrano sasantsasany eto, ary tiantsika ny hanolotra an'ireto zaza kely ireto ho an'ny Tompo. Teddy, manana hira kely isika eto izay hiraintsika, *Ento Izy Ireo*, hitendry an'izany fotsiny ve ianao raha ireo reny izay te-hanolotra ny zazakeliny, sy ireo ray, hitondra an'ireo zanany kely eto amin'ny alitara izy ireo.

<sup>18</sup> Ary isika dia manana voninkazo kelin'ny Paska maro eto ambonin'ny alitara izao maraina izao, sa tsy izany? Oadray, oadray! Heveriko fa misy ny an'i Maria kely eo, ny an'i Rota, ny an'i Rebeka, Jakoba kely, Paoly, sy Jaona, manerana eto, voninkazo kelin'ny Paska ho an'ny taranaka iray hafa.

<sup>19</sup> Mety tsara izany, eto mihitsy. Mino aho fa Rahalahy Beeler dia te-haka ny sarin'ity—ity zaza kely mitsangana eto ity, izany dia—zafikelin'i Rahalahy Wood izany, Ranabavy Wood eto. Ary tonga ny hafa ankehitriny miaraka amin'ireo zanany kely. Mandrosoa eto mihitsy, ry Havana. Mety tsara izany. Rahalahy Neville.

<sup>20</sup> Lehibe ilay firaisan'ny voadim-panambadiana masina, voatendrin'Andriamanitra izany. Ary amin'ny alàlan'ny voadim-panambadiana masina no mamokatra an'ireto zaza kely malala ireto.

<sup>21</sup> Tsy maintsy ho teneninareo amiko eto ny anarany ankehitriny. Brenda Sue. Toa tena hafa ianao, ry zazakely, noho ny nahitako anao tamin'ny voalohany. Eny, ity i Brenda Sue Wood kely, tena harena kely sarobidy tokoa ho an'ny fontsika rehetra, ary indrindra ho an'ireto reny sy ray tanora ireto.

<sup>22</sup> Ary tamin'ny andron'ny Baiboly. Maro ny olona mamafy an'ireto zaza kely ireto; saingy isika dia miezaka manaraka ny firehan'ny Baiboly akaiky arak'izay vitantsika. Tsy nahita mihitsy isika hoe taiza izy ireo no mba nofafazana, ao amin'ny Baiboly, fa nentina teo amin'ny Tompo Jesosy izy ireo ary nitso-drano azy ireo Izy. Ary alaintsika izy ireo, amin'ny maha-Mpanompony, ka hasandrantsika Aminy izy ireo.

<sup>23</sup> Mino aho fa fantatsika hoe mirehareha toy ny ahoana ny raibe, fantatrareo. Noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

<sup>24</sup> Tompo Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, Izay natolotra nohon'ny helokay. Ary tena zavatra sarobidy iray ny mahita an'ireto ankizy kely entina eo Aminao, ho fahatsiarovana an'izay nitranga taona maro lasa izay, rehefa nitondra an'ireto zanany kely teo Aminao ireo reny sy ray. Mihazona eo Anatrehanao izahay, androany, ao amin'ny sandrin'ny finoana, an'i Brenda Sue Wood kely, izay nalefa tao amin'ny fianakavian'ny

Rahalainay David sy ny vadiny sarobidy. Andriamanitra Ray, tahio ity zaza ity.

<sup>25</sup> Miaiky ny finoany Anao izy ireo, raha manolotra ny solofon'ny firaisany. Ary mivavaka izahay mba Hitahiana azy ireo. Ary enga anie ny fon'izy ireo ho hafanain'ny Fanahy Masina, mba hiaina fiainana masina, voatokana, mba ho voataiza ao amin'ny tokantrano Kristiana ity zazakely ity, voataiza amin'ny fananaran'Andriamanitra, ary hiaina fiainana lava, sambatra eto an-tany, ary hanompo Anao amin'ny andrompiainany rehetra. Ary ao amin'ny Voninahitra, izay hiangonan'ny fianakaviana manodidina, dia enga anie i Brenda Sue kely sy ny papany ary ny mamany, sy ny havan'izy ireo rehetra, hiangona manodidina ny seza fiandrianan'Andriamanitra, navotana tamin'ny alàlan'ny fahasovan'i Kristy, izay anandratany azy mankany Aminy ankehitriny.

<sup>26</sup> Ry anabavy keliko, omeko an'i Jesosy Kristy Tompo ianao ankehitriny, ho an'ny fiainan'ny asa iray ho Azy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Amena.

<sup>27</sup> Andriamanitra hitahy anareo, Marilyn, David, ho fahasambarana sy fahombiazana maro. Enga anie ilay zaza kely ho velona ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

<sup>28</sup> Ankehitriny, indro ny zazalahy mahafinaritra iray, tsiky goavana be no eo amin'ny endriny. Ny anarany? [Mamaly ilay reny. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Sharon Rose... [Hoy ilay reny hoe, “Sharon Daulton.”—Mpand.] Daulton. Daulton. Zazakelin'i Rahalahy Ed ve ity? Eny, na inona na inona, teo amin'ny roa amby roapolo taona lasa teo izay, dia nalain'Andriamanitra avy teo an-tsandriko ny Sharon Rose kely anankiray, izay any Andanitra, androany. Ary ankehitriny, ny hanolorana ho Azy, dia i Sharon Rose Daulton kely. Fantatsika i Rahalahy Ed sy Ranabavy Daulton, eto, amin'ny maha-sakaizantsika sarobidy. Zazakely iray malala toy ny inona!

Rainay any An-danitra, entinay eo Aminao ity Sharon Rose kely ity. Ho fahatsiarovana an'ny Tompo Jesosy lehibe, Izay nitsangana teto an-tany, ka nitondra an'ireo zazavavy kely tahaka an'ity teo Aminy izy ireo, dia mivavaka ho an'ity zazakely ity aho, Tompo. Enga anie izy ho velona sy ho sambatra ary ho salama. Enga anie izy ho velona ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Tahio ny rainy sy ny reniny. Enga anie izy ho voataiza amin'ny fananaran'Andriamanitra. Miaiky ny finoany Anao izy ireo raha manolotra ny zazakeliny Aminao. Ankehitriny dia omenay Anao, i Sharon Rose Daulton kely, mba Hitahiana ny fiainany, Tompo. Manolotra azy avy amin'ny sandrin'ny reniny sy ny rainy aho, ho Anao, Ry Tompoko sy Mpamonjiko, Jesosy Kristy, ho an'ny Voninahiny. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, ranabavy, ary ianao, rahalahy.

Oh, oadray! Zazalahy kely, marary iray. Inona ny olany? [Hoy ilay reny hoe, “Lasa lehibe loatra ny lohany. . .” Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . zavatra hafa. Mino Azy aho.

Tompo, Andriamanitra, manolotra an’i Mason kely ho Anao aho. Mivavaka aho, Tompo Jesosy, mba Handraisanao an’ity zazakely izay hazoniko eto an-tsandriko eto ity, mba hanolotra azy ho Anao. Manozona an’io fahoriana eo aminy io aho. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, enga anie i Mason kely ho voapetraka eo an-Tsandrinoa, Tompo, ary enga anie hiala aminy ilay fahoriana. Enga anie ho velona ilay zazakely ho an’ny haja sy voninahitr’Andriamanitra. Maneho ny finoany ireo raiamandreny raha mitondra azy izy ireo. Enga anie Ianao hanasitrana an’ily zaza sy hanao azy ho salama. Enga anie izy ho velona ho an’ny voninahitr’Andriamanitra, mba hanompo Anao. Tompo Andriamanitra, omeko Anao i Mason kely, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, ho an’ny fiainany sy ho an’ny fahasitranany. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Minoa amin’ny fonareo rehetra fotsiny.

Oh, zazavavy kely iray, ihany koa? Eny, tsara izany. Miakara eto, ry sakaiza kely. Mitsangàna eto mihitsy. Ny anaranao dia. . . [Hoy ilay ray hoe, “Summer.”—Mpand.] Sumner. Rahalahy sy Ranabavy Sumner. Mino aho fa avy any Georgia ianareo, sa tsy izany? Nihevitra aho fa nahatsiaro an’ily vavaka. Misy olona betsaka eo. Ity no. . . [“Latreille.”] Latrelle. [“Dwight.”] Dwight. [“David.”] Ary David. Nandre ny anaran’izy ireo ianareo. Enga anie Andriamanitra hanoratra ny anaran’izy ireo eo amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry.

Rainay any An-danitra, mitondra an’ireto malala ireto eo Aminao izahay izao maraina izao, raha mametraka ny tânako eo amin’ireo randrana kely manerana ny lohan’izy ireo aho, volo kely malemy an’ireto zazalahy ireto. O Tompo, tahio izy ireo. Naneho ny fitiavany sy ny finoany Anao ireo raiamandrenin’izy ireo amin’ny fanolorana an’ireo zanany. Ary manolotra azy ireo ho Anao izahay, Tompo, raha raisina avy eo an-tsandrin’ireo raiamandreny izy ireo, mba hitsangana eto amin’ity alitara ity izao maraina izao, mba hanokana fiainana ho an’Andriamanitra. Tahio izy ireo, Ray. Mivavaka izahay mba Hamelanao azy ireo ho velona mba ho sambatra, amin’ny androm-piainany rehetra, Fiainana Mandrakizay ho an’ily tontolo ho avy. Enga anie izy ireo ho voataiza amin’ny fananaran’Andriamanitra, ao amin’ny tokantrano Kristiana iray.

Ankehitriny, amin’ny alàlan’ny fanirahan’i Jesosy Kristy, nanome ohatra iray ho an’ireo Mpitoriteniny, hoe tokony hanaraka an’izay Nataony izy ireo, dia manolotra azy ireo ho Anao aho, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Amena.

[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Tany amin'ny fanjakan'ny tara-masoandron'i Georgia tany, no nentin'ny rainy sy ny reniny tia ity zazakely ity, mba ho voatolotra ho Anao amin'ity marainan'ny fahatsiarovana ity. Amboara iray an'ny Fahasoavanao izany ao amin'ny fianakaviany. Mivavaka aho mba Hitahianao an'i Renee kely, ny reniny sy ny rainy. Ary maneho ny finoany Anao izy ireo, amin'ny fitondrana an'ilay zaza, miandry an'ireo Fitahianao ho eo aminy. Ary enga anie izy ho velona sy ho Kristiana iray matanjaka, sambatra, amin'ny androm-piainany rehetra; ary hanana Fiaianana Mandrakizay ao amin'ireo andro izay ho avy, ao amin'ny tontolo izay ho avy. Ekeo izany, Ray. Tahaka ny Nandraisanao an'ireo zavatra kely mamy, tahaka an'ireo ankizy ireo izao maraina izao, teo an-tSandrinao manokana, dia naneho ny finoany Anao ireo fianakaviana, amin'ny fitondrana azy ireo eto amin'ireo Mpanomponao. Ary mitso-drano an'i Renee kely izahay ka manome azy ho Anao; avy eo an-tsandrin'ireo raiamandreniny, mankany Aminao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie Ianao hitahy azy. Amena.

Ho tahiana ianao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, Renee.

Ndao isika hihira andininy kely anankiray an'izany fotsiny.

Ento izy ireo, ento izy ireo,  
Ento hiala amin'ny sahan'ota izy ireo;  
Ento izy ireo, ento izy ireo,  
Ento eo amin'i Jesosy ireo madinika kely.

<sup>29</sup> Oh, toy ny ahoana no itiavako hitsangana eo amin'ilay laharana ka hiresaka mikasika ny tsirairay avy amin'ireo ankizy kely ireo, saingy tena miadana mihitsy aho, na ahoana na ahoana, ary mitsangana ny olona. Niteny tamiko Rahalahy Wood izao maraina izao, nilaza fa narary mihitsy ny lamosiny, tamin'ny fitsanganana. Tsy fantatrareo hoe toy ny ahoana no ankasitrahako anareo mitsangana sy miandry! Ary ho haingana mihitsy aho amin'ny hafatra, arak'izay azo atao. Ary mihainoa tsara mihitsy ianareo.

<sup>30</sup> Tsy nanana fotoana hanomanana an'ity fotoana maraina ity aho, na ity hafatra ity izao maraina izao, fotoana iray fotsiny. Naka lahateny iray sy zavatra iray izay hafa aho.

<sup>31</sup> Ary tamin'ny Paska lasa dia nitory aho teo amin'ny lohahevitra hoe: “*Velona*, nitia ahy Izy. *Maty*, namonjy ahy Izy. *Nalevina*, nitondra ny fahotako lavitra Izy. *Nitsangana*, nanamarina ahy maimaim-poana mandrakizay Izy. Indray andro any dia ho *Avy* Izy, oh, andro be voninahitra!”

Ary avy eo aninkeo maraina isika dia nitory teo amin'ny lohahevitra hoe: *Fantatro*.

<sup>32</sup> Ary ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, dia te-hamaky avy ao amin'ny tokon'ny Masindahy Marka aho. Ary mivavaha ho ahy ianareo ankehitriny.

33 Ary aorian'ity avy hatrany dia hisy ny asam-panasitranana. Ary avy eo aorian'ny asam-panasitranana dia hisy fotoan'ny batisa. Ary avy eo ireo fotoana dia amin'ny fito sy sasany rahariva.

34 Ankehitriny Marka 16.

*Ary rehefa afaka ny sabata, Maria Magdalena, . . . Maria renin'i Jesosy, ary Salome, dia nitondra zavamanitra, mba ahafahan'izy ireo ho tonga ka hanosotra azy.*

*. . .tena aloha be tamin'ny marainan'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nandeha nankany amin'ny fasana izy ireo tamin'ny fiposahan'ny masoandro.*

*Dia nifampiresaka izy ireo hoe, Iza no hanakodia ho antsika ny vato ho afaka amin'ny varavaram-pasana?*

*Ary rehefa nijery izy ireo, dia hitany fa efa voakodia niala ny vato: fa tena lehibe izany.*

*Ary niditra tao anatin'ny fasana izy ireo, dia nahita lehilahy tanora iray nipetraka teo amin'ny ilany ankavanana, niakanjo akanjo fotsy lava; ka talanjona izy ireo.*

*Dia hoy izy ireo tamin'izy ireo . . . Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe, Aza matahotra: Mitady an'i Jesosy avy any Nazareta ianareo, izay nohomboana: efa nitsangana izy; tsy ato izy: jereo ny toerana izay nametrahan'izy ireo azy.*

*Fa zory ny lalanareo, ka teneno ireo mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia izy: any no hahitanareo azy, araka ny nolazainy taminareo.*

*Dia nivoaka haingana izy ireo, ary nandositra niala teo amin'ny fasana; fa nangovitry sy talanjona izy ireo: sady tsy nilaza na inona na inona tamin'ny olona; satria natahotra izy ireo.*

*Ankehitriny rehefa nitsangana vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro Jesosy, dia niseho tamin'i Maria Magdalena izy aloha, izay nandroahany devoly fito.*

*Dia lasa izy ka niteny tamin'ireo izay efa niaraka taminy, satria izy . . . satria nisaona sy nitomany izy ireo.*

35 Hitanareo, izy ireo dia teo amin'ny antontan-davenona, ihany koa.

*Ary izy ireo, rehefa nandre izy ireo fa velona izy, ary efa hitany, dia tsy nino.*

36 Mahagaga toy ny ahoana ireo Tenin'Andriamanitra!



*Taorian'izany izy dia niseho tamin'ny . . . endrika iray hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo, raha mandeha izy ireo, ka nankany an-tsaha.*

*Ary rehefa . . . ary mandeha ka niteny tamin'ny namany: na dia izy ireo koa aza dia tsy ninoan'izy ireo.*

*Taorian'izany dia niseho tamin'ny iraka ambin'ny folo izy raha nipetraka nihinana izy ireo, ary nanome tsiny azy ireo nohon'ny ham- . . . noho—nohon'ny tsi-finoany sy ny hamafisan'ny fony, satria izy ireo dia tsy nino an'ireo izay nahita azy rehefa nitsangana izy.*

*Ary hoy izy tamin'izy ireo, Mandehana ianareo mankany amin'izao, . . . mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.*

*Izay mino sy atao batisa no hovanjena; . . . izay tsy mino no hohelohina.*

*Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; Amin'ny anarako izy ireo dia handroaka devoly; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo;*

*Handray menarana izy ireo; . . . raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tànana amin'ny marary izy ireo, . . . ho sitrana izy ireny.*

*Koa noho izany rehefa niteny tamin'izy ireo ny Tompo, dia mpiakarina ho any an-danitra izy, ka nipetraka teo an-tànana ankavanana'Andriamanitra.*

*Ary lasa izy ireo, ka nitory teny hatraiza hatraiza, ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo, ka nanamarina ny teny tamin'ireo famantarana izay nanaraka. Amena.*

<sup>37</sup> Tiako ny haka lahateny iray avy amin'ny teny anankiroa hoe: *Mandehana, Teneno.*

<sup>38</sup> Fantatrareo, tsy mahaso loatra ny mandeha raha tsy manana zavatra ho tenenina ianareo. Heveriko fa izany no olana betsaka amin'izao andro izao. Mandeha isika mba hiteny, mandeha isika nefa tsy manana na inona na inona ho tenenina, tsy misy na inona na inona tombontsoa, tsy misy na inona na inona hanampy ny olona.

<sup>39</sup> Fa raha hanaraka an'ireo toro-hevitra tahaka an'ireo mpianatra izay nahazo fanirahana isika, manana an'ilay fanirahana iray ihany isika hoe, “Mandehana, teneno ireo Mpianatro fa nitsangana tamin'ny maty Aho.” Mandehana, teneno izany!

<sup>40</sup> Avy eo dia hoy Izy hoe, “Mandehana, torio izany, ary aseho izy ireo famantarana fa velona avy tamin'ny maty Aho.” Hafatra iray toy ny inona! “Mandehana, teneno, ary mandehana, aseho izy ireo!”

ny Mpianatro ireo famantarana izay efa hitanareo, fa tsy maty Aho, fa nitsangana tamin'ny maty.”

<sup>41</sup> Tamin'ny Hafatry ny maraina aninkeo maraina, dia hitantsika fa ny tsirairay avy amintsika dia manana antontan-davenona kely iray an'ny olana sy fizahan-toetra izay itaingenantsika, indraindray, miandry ny fampiononana. Hitantsika fa nanana fahitana iray i Joba ilay patriarka lehibe, satria tsy mbola nanana Paska iray izy ireo, saingy efa hitany tany amin'ny efajato taona lavitra tany io maraina io. Hitany tany amin'ny efajato taona lavitra tany, ny Paska iray, ary nihiakiaka izy, tao amin'ny fahoriana hoe, “Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy! Amin'ny andro farany, dia hitsangana eto an-tany Izy. Na dia aorian'ny handravan'ny kankan'ny hoditra an'ity vatana ity aza, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho.”

<sup>42</sup> Ankehitriny, aorian'ilay Paska, dia hitantsika fa nanome fanirahana iray ho an'ny olona Andriamanitra hoe, “Mandehana, teneno! Ary raha miteny ianareo, dia *ity* no hanaraka anareo. Mandehana ka teneno!”

<sup>43</sup> Ankehitriny, tsy hanao soa, araka ny nolazaiko, ny mandeha, ny mandeha, raha tsy manana zavatra ho tenenina ianareo. Ary raha manana an'ilay hafatra diso ho tenenina ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy hanao soa mihitsy izany. Tsy maintsy miteny an'ilay tsiambaratelo ianareo.

<sup>44</sup> Namaky tao amin'ny boky iray aho indray andro lasa, ny amin'ny zazalahy kely iray izay...niditra tao amin'ny fifaninanana iray. Ary tao amin'io fifaninanana io dia tsy maintsy nanao anarana malaza iray ho an'ny tenany izy. Ny zazalahy kely rehetra izay afaka nihazona an'ilay teny miafina tao an-tsainy mandra-pahatongany teo amin'ny toerana iray, sy hitenenany an'io teny miafina io, dia namela azy handalo ilay mpiandry vavahady. Izany dia mba hitsapana ny IQ an'ilay ankizy. Ary rehefa tonga eo amin'ilay toerana izy, miteny an'ireo teny miafina izay nomena azy, dia hisokatra ny vavahady ary hahazo an'ilay haja lehibe izy.

<sup>45</sup> Zazalahy kely anankiray, tena haingam-pandeha mihitsy, ary mahafantatra tsara sy tanteraka fa afaka mihazakazaka mihoatra ny sisa rehetra amin'ireo zazalahy tao amin'ilay fifaninanana izy, na nieritreritra fa afaka izy. Nanao fanazaran-tena isan'andro izy, an'ny fihazakazahana. Toy ny ahoana no nipaompiany an'ireo avokavoka keliny, nanao ny tenany arabatana tao amin'ny fahitsiana, mba tsy hahareraka azy raha mihazakazaka izy. Ary nanao fanazaran-tena izy hoe ahoana no hanombohana amin'ireo tongony, sy mahazo tombony mihoatra ny sisa rehetra amin'ireo zazalahy. Ary ahoana no tsy maintsy hisintonany fofon'aina mandritry ny fotoan'ny fihazakazahany, mba hihazonana ny oxygène izay tonga ao amin'io vatana io,

mba hihazona azy hipaompy, mba tsy hampiadana be loatra ny fony. Nianatra an'izany teo amin'ny zorony rehetra izay vitany izy.

<sup>46</sup> Ary tamin'ny maraina izay nanombohan'ilay hazakazaka, dia nisy zazalahy kely nihoatra ny dimampolo amby zato no nilahatra, tamin'ny taona anankiray. Ity zazalahy kely ity dia zazalahy iray tsara vatana raha ny marina, ho an'ny taonany. Ary nitadidy ny fiofanany rehetra izy. Ary nivonona izy. Nilahatra izy ireo, nametraka an'ireo tava keliny tamin'ilay—ilay tady izay teo, nanosika ny orony kely teo amin'izany. Nianatra ny fitsipika rehetra an'izany izy, nanao ny tenany ho vonona.

<sup>47</sup> Ary rehefa nipoaka ilay basy, ka tapaka ilay tady, dia nitsambikina nankany aloha ireo zazalahy kely. Ary tena nety tsara ara-batana ity zalahy kely ity hany ka nitsambikina lasa alohan'ny sisa rehetra tamin'izy ireo izy. Ary teo amin'ilay kianja fihazakazahana dia nandeha tamin'ny hafainganampandeha mampahatahotra izy, tsara hofana, hany ka afaka nihoatra ny zazalahy tsirairay izay tao amin'ilay hazakazaka izy. Ary tonga teo izy, oh, efa ela be, angamba iray minitra na mihoatra, talohan'ny nahatongavan'ny tsara indrindra tamin'ireo mpihazakazaka hafa teo amin'ilay toerana.

<sup>48</sup> Saingy, tamin'ny fiofanany ara-batana rehetra, dia adinony ilay teny miafina. Adinony ilay tena zavatra izay tokony ho lazainy, mba hamela azy hiditra ao amin'ilay vavahady. Ary nandeha niadana nandroso sy niverina izy, ka nieritreritra an'izany, ary nikaroka nanerana ny sainy. Liana loatra tamin'ilay ara-boajanahary izy, ireo toerana ara-batana ara-boajanaharin'ny vatany, hany ka adinony ilay zava-dehibe. Teo, tamin'ilay laharana, ireo zazalahy sasantsasany izay tsy nihazakazaka haingana loatra, dia nahatadidy an'ilay teny miafina, ka niditra.

<sup>49</sup> Toy izany koa amin'izao andro izao! Liana loatra amin'ny fanorenana an'ireo toera-malaza isika, sy ireo fiangonana ary tranobe, sy ny sisa, ary liana loatra amin'ny fihazonana an'ireo fiangonantsika ao amin'ny filaminana tsara, miaraka amin'ireo tranobe tsara sy ireo dabilio misy volombolony ary ireo orga tsara. Ireo mpitoritenintsika dia tsara hofana loatra avy... Manana ny diplaoman'ny Dokotera DL. izy ireo, Ph.D., LL.D., saingy adinontsika hoe ho an'ny inona no ihazakazahantsika. Izany ilay olana. "Mandehana, teneno ireo mpianatro fa nitsangana tamin'ny maty Aho ka hihaona amin'izy ireo any Galilia Aho." Adinontsika ilay teny fanalahidy. Sahirana loatra amin'ny zavatra hafa isika, manao fiangonana goavana, manao anaram-piangonana goavana, hany ka adinontsika ilay teny fanalahidy.

<sup>50</sup> Aina maro no efa voavonjy nohon'ny fiomanana mikasika an'ireo zava-mitranga ho avy. Fotoana vitsy lasa izay, nilazana

aho fa tany Florida, ireo mpilaza vaovao, ilay birao mpilaza toetr'andro, dia namoaka filazam-baovao fa hisy tafio-drivotra lehibe ho avy. Ary nisy lehilahy iray mpiompy akoho, ka nandeha nankany amin'ny mpiara-monina aminy izy ary niteny taminy fa ho avy ny tafio-drivotra. Tsy niraharaha izy, ka nanao hoe, "Fahadalana!" Ary nanohy fotsiny izy. Tsy nikarakara an'ireo akohony mihitsy izy. Tsy nankao amin'ilay fialofana mihitsy izy. Tsy nandray fepetra mihitsy izy. Fa ilay mpiara-monina taminy no nandray fepetra. Fa ny rehetra, ny anankiray izay tsy nandray an'ilay fampitandremana, dia lasa daholo ny akohony rehetra ary maty, nianjera ny tranony, very ny biby fiompiny, nalefa tany amin'ny hopitaly izy. Ny rehetra satria tsy nitandrina tsara an'ilay fampitandremana izy! Fantany fa efa nomena ilay hafatra, saingy diso tamin'ny fitandremana an'ilay hafatra izy.

<sup>51</sup> Tahaka an'izany no ahatongavan'ilay izy amin'izao andro izao, amin'ny maro amin'ireo vahoakantsika, amin'ny maro amin'ireo fiangonantsika. Fantatsika fa ny Baiboly dia mampianatra fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Fantatsika fa ny Baiboly dia mampianatra, Jesosy no nilaza, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12 hoe, "Izay mino Ahy, aza, ireo asa izay Ataoko no hataony koa; hanao asa lehibe noho izany izy, satria mankany amin'ny Ray Aho." Ankehitriny dia liana tamin'ireo zavatra hafa isika, tsy nandray fampitandremana, tsy nitandrina. Nihazakazaka isika, saingy tsy nitandrina an'ilay Hafatra. Lasa isika, saingy tsy nahafantatra izay ho tenenintsika rehefa tonga eo.

<sup>52</sup> Andro vitsy lasa izay rehefa ireo fiangonan'ity izao tontolo izao ity, rehefa nentina teo amin'ny henatra sy fahafahambaraka ireo fiangonana Kristiana, rehefa ilay mpanompo mendri-kaja sy malaza matahotra an'Andriamanitra, Billy Graham, no nentina nifanatrika tamin'ny Baiboly. Nihazakazaka izy, saingy adinony ilay Hafatra; rehefa nitsangana teo anatrehany io Mohametana io ka niteny taminy hoe, "Raha ity no Tenin'Andriamanitra, dia avelao izahay habita hanao manao an'izany ho voaseho." Nihazakazaka tsara izy, ireo fifohazana lehibe, ireo zavatra lehibe. Fa, rehefa tonga teo amin'ilay toerana izy, dia tsy nanana an'ilay Hafatra.

<sup>53</sup> "Nitsangana tamin'ny maty Aho. Izaho no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Mihazakazaka ara-batana, ireo fiangonana tsara, mambra betsaka, anaram-piangonana malaza, saingy tsy izany ilay hevi-dehibe. Diniho izay nanaraka hoe, "Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Nandeha, saingy tsy nahafantatra izay ho tenenina.

<sup>54</sup> Tsy naniraka olona iray mihitsy Andriamanitra raha tsy manome azy zavatra iray ho lazaina Izy. Manamarina Ny Teniny foana Andriamanitra.

55 Mandeha, nefa tsy afaka miteny rehefa tonga eo ianareo. Tsy mampaninona na goavana toy ny ahoana aza ireo fifohazanareo, na goavana toy ny ahoana aza ny fiangonanareo, na impiry no ialohavan'ny anaram-piangonanareo an'ireo hafa, raha tsy manana zavatra ho tenenina amin'izy ireo ianareo, dia inona no anananareo afa-tsy andian'olona miangona miaraka fotsiny tahaka ny trano fialofana iray?

56 Manana Hafatra iray ho tenenina amin'izao tontolo izao isika hoe, “Velona Jesosy! Tsy maty Izy!” Mitandrina an'ilay Hafatra!

57 Ao amin'ity firenena malaza izay ankasitrahantsika ankehitriny ity, ny Etazonian'i Amerika, ao amin'ny fahapotehany rehetra, ao amin'ny faharatsiany rehetra, ireo toerany ratsy rehetra, kanefa mbola izy no firenena malaza indrindra eto amin'izao tontolo izao, ary tany amin'ny voalohany, satria voapetraka tsara izy. Tsy nanana ny Hafatra izy.

58 Taona maro lasa izay, fony izy tao amin'ny fahazazany, tonga ato an-tsaiko ny tantara iray, hoe saika haka ny fiombonam-pirenena'ity firenena ity ny Anglisy. Ary nisy vondron-dehilahy izay nampivory ny tenany niaraka ary teo amin'ny andraikitra, niambina. Ary nisy soavaly nifatotra iray nitsangana, sy mpitaingina iray vonona ny hitaingina amin'ny minitra rehetra. Ny zavatra voalohany izay azony dia famantarana iray hoe ho avy ny Anglisy, ka nanisy lasely ny soavaliny izy. Inona no soa hataon'izany aminy amin'ny fanairany ny soavaliny? Inona no soa hataon'izany aminy amin'ny fikapohany an'ilay soavaly sy hiezaka hitady ny lâlany nanomboka teo amin'io fiangonana io ka hatrany Boston, inona no soa hataon'izany aminy raha tsy nanana hafatra iray ho tenenina amin'ilay vahoaka izy? Ahoana no ahafantaran'izy ireo hanomanana ny tenany?

59 Nihazakazaka tsara ireo Paul Revere moderina antsika, saingy, nihazakazaka fotsiny izy ireo, fa tsy nisy Hafatra. Eto ilay ora, mandeha ny krizy! Eo amin'ny fiafarana izao tontolo izao! Tonga eo amin'ny fiafarany ireo fiangonana. Tonga eo amin'ny fiafarany ireo firenena. Tonga eo amin'ny fiafarany ny fiainan'olombelona. Tonga eo amin'ny fiafarany ny siansa. Nandrafitra isika ary nanao fiangonana goavana, nampamiratra an'ireo mpitory tenintsika sy nametraka azy ireo miaraka arabatana, mba ahafantaran'izy ireo hoe ahoana no hampiasan'izy ireo ny verbany sy ny adverbany, ary ireo feony sy—sy ireo zanatsorany rehetra, ary ny zavatra rehetra dia ao amin'ny fahalalana ara-tsaina fotsiny mihitsy, mba hifandraisana amin'ny olona. Saingy tsy izany no nolazain'i Jesosy!

60 “Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo. Hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo. Raha manaikitra azy ireo ny menarana mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Raha

mametraka ny tònany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireo.” Mila iraka anankiray miaraka amin'ny Hafatra iray izao tontolo izao, mba hiteny zavatra iray, sy mahafantatra hoe avy aiza ilay Hafatra ary Iza no nihavian'Ziany.

<sup>61</sup> Paul Revere, raha nitaingina teo amin'ny soavaliny izy, lehilahy mahery fo, lehilahy iray izay ao anatin'ny tantara raha mbola misy foana ny firenena iray ho tantara. Nanao an'ilay fitaingenana malaza izy nanomboka teo amin'ireo dingan'ny fiangonana, niaraka tamin'ny hafatra iray izay nampitandrina ny tsirairay avy, nanomboka tamin'ilay mahantra indrindra ka hatramin'ilay manan-karena indrindra, nanomboka tamin'ilay tantaha ka hatramin'ilay mpandraharaha hoe, “Ho avy ny Anglisy!” Ary nanao ny tenany ho vonona ho an'ny fanafihana ireo mpitam-piadiana. Ka voavonjy ity firenena ity.

<sup>62</sup> Raha ity lovan'Andriamanitra ity, raha ity vahoaka izay nahafatesan'Andriamanitra ity, raha ity Fiangonana izay nantsoina tamin'Ny Anarany ity, no mba ho voavonjy, dia tsy maintsy manana iraka iray isika miaraka amin'ny Hafatra iray avy eo amin'ny Seza fiandrianana, mba hihaona amin'ilay fihaiakan'izao andro izao. Misy ny Goliata iray, saingy azo antoka fa hanana Davida iray Andriamanitra any ho any. Tsy maintsy miditra ao amin'ilay fifandraisana isika. Tsy maintsy manana isika ny . . . Tsy maintsy manana Hafatra iray isika.

<sup>63</sup> Mandeha isika, nefa tsy manana na inona na inona ho lazaina. Izany no manaporofy an'ilay izy, rehefa tonga eo amin'ny toerana iray isika izay misy firenena anankiray na vahoaka iray izay mandà an'i Jesosy Kristy ho Zanak'Andriamanitra, ka mijoro eo anatrehan'ireo mpitoritenintsika mpanohitra indrindra an'izao andro izao. Ary amin'izay fotoana izay ao amin'ny ligim-piangonantsika malaza, dia mahita Kominista telopolo mahery mitondra taratasy nandritry ny roapolo na telopolo taona, hoe izy ireo dia mambran'ny antoko Kominista, ao amin'ireo fiangonantsika miray. Inona no azontsika hatao? Izany no maneho fa mihazakazaka tsy manana Hafatra iray izy ireo; mivarotra an'ireo fizokian'ny firenena mihitsy, mivarotra an'ireo fizokiana ara-dalàna an'ilay Fiangonana.

<sup>64</sup> Izany rehetra izany dia tonga eo amin'ny fampisehoan-kery iray. Izany dia tonga eo amin'ny toerana iray hoe ilay Fiangonana kely izay nino ny Hafatra, ka nijoro tamin'ny tongotra roa, niaraka tamin'ny masony nifantoka teo amin'ny Hazo fijaliana, tao am-pony ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, mirehitra! Izany dia tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy maintsy haneken'ireo firenena an'Ziany. Izany dia eo amin'ny fampisehoan-kery iray. Tsy mahagaga raha ireo fiangonana . . . Rehefa ilay Fiombonamben'ny Fiangonana, tena voalavada-vaky ny Kominista izany, tsy mahagaga raha tsy afaka mino ny ivelan'ny voajanahary izy ireo. Tsy mahagaga raha tsy

afaka mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo; tsy manana Hafatra iray mihitsy izy ireo ao ampony, tsy mampaninona na mafy toy ny ahoana aza no ihazakazahan'izy ireo.

<sup>65</sup> Raha miditra am-pon'ny olona iray ny Fanahy Masina, dia hino izy fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, ary velona ao anatiny Izy, mba hanao, ary hanao ny sitrapo izay Nahatongavany hatao; ny sitrapo, ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fiainan'ilay olona.

<sup>66</sup> Fa, ny olona, dia mihazakazaka isika, mandeha tsy manana Hafatra iray. Mandeha miaraka amin'ny teolojia isika. Mandeha miaraka amin'ny karazana fandikam-piangonana iray an'ireo Soratra isika.

<sup>67</sup> Tsy maintsy mandeha miaraka amin'ny fitsanganana isika! “Mandehana, teneno ireo Mpianatro fa handrafitra fiangonana vaovao iray ve Aho”? Tsia, tompoko! “Mandehana, teneno ireo Mpianatro fa nitsangana tamin'ny maty Aho, araka ny Nolazaiko fa hitsangana Aho.” Izany no Hafatra ho an'ilay Fiangonana izao maraina izao, hoe tsy maty Jesosy. Velona Izy, ary lehibe sy mahery mihitsy androany tahaka ny naha-izy Azy hatramin'izay.

<sup>68</sup> Manana hafatra fampitandremana maro isika, mba hivononana, Paul Revere sy ireo lehilahy malaza hafa, ary ireo ady lehibe sy tafio-drivotra, sy ny sisa.

<sup>69</sup> Avy eo, Andriamanitra dia mandefa Hafatry ny fampiononana iray, ihany koa. Izany dia Hafatry ny fampiononana iray.

<sup>70</sup> Fotoana vitsy lasa izay, rehefa nanana ny fanandevozana izy ireo tany Atsimo, nentin'ireo Boers avy tany Afrika Atsimo ireo teratany, izay antsointsika, amin'izao andro izao hoe, “ny olona mainty hoditra.” Ary nentin'izy ireo teto izy ireo ka namidiny ho an'ireo Amerikana tany Atsimo, mba hanao azy ireo ho andevo.

<sup>71</sup> Misy fitokonana lehibe mikasika an'izany any Afrika amin'izao andro izao, famonoana, sy ny sisa, no miseho. Miady ho an'ny fahalalahany izy ireo. Manana zô hiady ho an'izany izy ireo. Andriamanitra no nanao ny olona; ny olona nanao andevo. Tsy izany mihitsy no nokasaina.

<sup>72</sup> Taona vitsy lasa izay, tany amin'ny kianja mitafo iray aho, na tranom-bakoka malaza iray, raha ny marina. Nandehandeha teo aho, nijery sary samihafa sy ny sisa, satria mankasitraka ny zava-kanto aho. Mihevitra aho fa ao anatin'ny zava-kanto Andriamanitra. Dia nanatona aho, ary nahamarika fa nisy lehilahy antitra Mainty iray teo, tena antitra izy, nanjoko ny sorony, sisim-bolo kely iray fotsiny no tao amin'ny lohany aoriana. Nanao ny satrony izy. Ary nandehandeha teo izy, ary zavatra sahala amin'izany, nijery nanodidina, toy ny hoe

nandinika izy na nitady zavatra tao amin'ilay tranom-bakoka. Nitsangana taoriana aho ary nandinika azy vetivety.

<sup>73</sup> Ary afaka kelikely dia tonga teo amin'ny boaty kely anankiray izy teo. Dia nijery tao anatin'izany izy, ary taitra tampoka, ka namirapiratra ny masony. Nitsambikina nankany aoriana avy teo amin'ilay boaty iray minitra izy, nanaisotra ny satroka keliny mikopakopaka, nihazona an'izany teny antanany. Dia nandinika azy aho. Ary raha nanondrika ny lohany ilay antitra mainty kely, dia nanomboka niraraka teo amin'ny takolany ireo ranomaso. Dia nandinika azy tamim-pahagagana aho, nandritry ny fotoana fohy fotsiny.

<sup>74</sup> Avy eo dia nieritreritra aho hoe, “Ho hitako hoe inona no tena nahataitra loatra an'ilay lehilahy antitra.” Nandeha teo amin'ity ilany ity aho, ary ilay izy amiko dia toy ny hoe nisy akanjo iray nipetraka tao anatin'ny tao.

<sup>75</sup> Dia nijery azy nitsangana teo aho. Ary nanatona aho, hoy aho hoe, “Manao ahoana ianao, ry dadatoa?”

Dia hoy izy hoe, “Manao ahoana ianao, tompoko.”

<sup>76</sup> Dia hoy aho hoe, “Mpitoriteny aho. Gaga aho nahita anao manolotra vavaka eo amin'ity toerana ity.” Hoy aho hoe, “Hino aho fa Kristiana iray ianao.”

Hoy izy hoe, “Izany aho, tompoko.”

Dia hoy aho hoe, “Inona no tena nahataitra be anao?”

<sup>77</sup> Hoy izy hoe, “Avia eto.” Dia nandeha niaraka tamin'ilay lehilahy antitra aho, nandeha teo. Hoy izy hoe, “Hitanao ve io akanjo io?”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.”

Hoy izy hoe, “Hitanao ve ilay tasy eo ambony eo?”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.”

Hoy izy, “Apetraho eo amin'ny lanivohoko ny tananao.”

Hoy aho hoe, “Inona io toerana marokoroko io?”

<sup>78</sup> Hoy izy hoe, “Nandalo teo ny fehin-kibon'andevon' iray, indray andro. Ary io dia ny ràn'i Abraham Lincoln.” Hoy izy hoe, “Ny ràn'ny no nanaisotra an'ilay fehin-kibon'andevon' niala tamiko.” Hoy izy, “Izany ve tsy nahataitra anao, ihany koa?”

<sup>79</sup> Nitsangana teo tamim-pahagagana aho. Nieritreritra aho hoe, “Raha ny ràn'i Abraham Lincoln aza no nahataitra—nahataitra andevon' iray, nohon'ny fanesorana fehin-kibon'andevon' iray niala taminy, dia inona no tokony hataon'ny Ràn'i Jesosy Kristy amin'ny olona iray tahaka an'i Rosella eto, izay andevon'ny alikaolisma iray; ho ahy, mahantra eo ampahafatesana, ory iray?” Nanaisotra ny fehin-kibon'andevon'ny fahotana niala tamin'ny foko Izy. Tsy tokony nahataitra olona iray ve izany? Tsy tokony hanao azy hahatsapa ho hafa ve izany? Tsy tokony hanao azy hanaja ve izany rehefa mieritreritra



an'izany izy? Tsy afaka mahita hazo iray ianareo ka tsy manondrika ny lohanareo, saiky, mahafantatra fa Jesosy no nanavotra ny ainareo teo amin'io Hazo io.

<sup>80</sup> Raha manohy isika, vetivety, ny amin'ireo andevo, sy ny fisainantsika. Nisy fanambarana iray, Fanambarana ny Fahafahana, izay voasonia, ary ho afaka ireo andevo amin'ny andro anankiray. Tsy fantatrareo, oh, raha tsy mbola nihaona tamin'i Kristy mihitsy ianareo, dia tsy fantatrareo mihitsy ny dikan'izany ho an'ireo andevo ireo. Rehefa nandeha izany, nitety ny firenena ilay hafatra, hoe, "Ianareo dia ho afaka amin'ny andro izao-sy-izao, amin'ny misandratr'andro. Ho afaka ianareo. Tsy mila mitondra fehin-kibon'andevo intsony ianareo, na hahazo karavasy intsony. Fa afaka ianareo, ary teratanin'ity firenena lehibe an'i Etazonia ity. Tsy andevo intsony ianareo, aorian'ny misandratr'andro amin'ny maraina izao-sy-izao." Oh, niandry tamin'ny fiandrasana lehibe izy ireo.

<sup>81</sup> Raha afaka nahita an'izany fotsiny mantsy ilay mpanota! Raha nandre an'ilay Filazantsara marina fotsiny mantsy ilay mpanota! Tsy ny fikambanana amin'ny fiangonana, fa ny fitoriana ny Filazantsara, no ahafahanareo ho afaka amin'ny fahotana, no ahafahanareo ho afaka amin'ny aretinareo. "Amin'ny fotoana izao-sy-izao," izany dia ilay fotoana izay inoanareo.

<sup>82</sup> Fantatrareo, tena taitra loatra ary teo ambanin'ny fiandrasana tahaka an'izany ireo andevo ireo, niandry an'ilay ora izay hahatonga azy ireo ho afaka, hany ka, izy ireo no miteny amiko, fa niangona teo ambanin'ny havoana iray izy ireo, ireo reny sy ankizy kely, niangona izy rehetra, ary ireo antitra sasantsasany. Ary nihanika teo an-tampon'ilay havoana izy ireo, teo amin'ny misasak'alina teo. Fantatr'izy ireo fa rehefa misandratra ny andro ary miakatra ny masoandro, dia ho afaka izy ireo. Tsy nila mihoatra ny antsasa-minitra akory izany dia hamiratra avy eo an-tampon'ilay havoana ny masoandro, fa ny sasany tamin'izy ireo dia teny an-tampon'ilay havoana, niambina, niambina. "Oh, rehefa miposaka ny masoandro, dia afaka isika." Izany ilay z-a-n-a-k-a . . . na, m-a-s-o-a-n-d-r-o.

<sup>83</sup> Fa rehefa mitsangana ilay Z-a-n-a-k-a indray andro any! Ary rehefa nitsangana ilay Z-a-n-a-k-a sivinjato sy arivo taona mahery izay, dia Notapahany ny fehin-kibon'andevo tsirairay, nanafaka ny babo tsirairay Izy, nanasitrana ny aretina tsirairay Izy, nanome fahalalahana an'ireo izay tao anatin'ny fanandevozana Izy. Toy ny ahoana no tokony hihanihantsika sy hiambenantsika!

<sup>84</sup> Ary rehefa nipoitra ny masoandro, voalohany, dia ilay lehilahy teny amin'ny avo indrindra, no nahita azy, ka nihiakiaka tamin'ilay lehilahy manaraka teo ambany izy hoe, "Afaka isika!" Ary ilay lehilahy manaraka nihiakiaka tamin'ilay

lehilahy teny ambany lavitra teo amin'ilay havoana hoe, "Afaka isika!" Mandra-pahatongan'izany hatrany amin'ilay toby hoe, "Afaka isika!" Satria, nipoasaka ny masoandro, niandry izy ireo, niandry, niandry an'io ora io.

<sup>85</sup> Tsy mihoatra noho izany ve no tokony hiandrasantsika, androany, an'ilay Z-a-n-a-k'Andriamanitra. Afaka amin'ny fahotana isika. Afaka amin'ireo rojo isika. Afaka amin'ireo fahazarana isika. Afaka amin'ny fifohana, fisotroana, fanaovam-pety isika, satria efa nitsangana avy tao ampasana ilay Z-a-n-a-k'Andriamanitra ka nanapaka ny fatorana tsirairay. Lasa ny fanamelohana rehetra! Voaloha ny trosa. Voaloha ny sazy. Voasasa ny fahotana, ary afaka isika. Oh, afaka isika, ry vahoaka! Ny fanandevozana? Fahafahana, rehefa mitsangana miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany Zanak'Andriamanitra!

<sup>86</sup> Indray andro any dia hitsangana avy eo amin'ny Seza fiandrianana Izy, hiverina eto an-tany. Ary amin'izay fotoana izay dia ho afaka amin'ny fanaintainana rehetra sy ny fakampahy rehetra isika, afaka amin'ny aretina mahafaty rehetra ary na inona na inona miaraka amin'ny fiainana mety maty, mba ho velona miaraka Aminy mandrakizay. Ho afaka isika. "Mandehana, teneno," izany ilay zavatra hatao.

<sup>87</sup> Ao amin'ny fotoan'ny Baiboly, dia nisy taon-jobily iray tonga. Ireo olona izay namidy nohon'ny trosa izay nahazo azy ireo. Azon-trosa izy ireo nefa tsy afaka nandoa an'izany, noho izany dia nandeha izy ireo ka nivaroetra ny tenany tamin'ny olona, ho andevo. Ary tsy maintsy ho andevony izy ireo, mpiasa andevony, amin'ny fiainany rehetra. Fa, matetika mihitsy, dia tonga ny androm-pahasoavana iray, izay fantatra hoe taon-jobily. Ary rehefa tonga ny taon-jobily, amin'izay fotoana izay dia lasa ny mpisorona iray ka mitsoka trompetra. Ary io trompetra io no nampahafantatra tamin'ny andevo tsirairay, tsy mampaninona na hatramin'ny oviana izy no efa nanompo ary hafiriana no tokony hanompoany, rehefa nitsoka io trompetra io, dia nahafahana ilay andevo. Afaka nametraka an'ilay angady izy ka nody any an-trano nankany amin'ireo zanany. Tsy nila niasa intsony izy, satria afaka izy rehefa naneno ny jobily. Tsy nanao feo hafahafa io trompetra io, fa nanao feo mazava. Ary afaka nametraka ny fitaovany ilay lehilahy, nandeha nody any an-trano afaka tamin'ny fanandevozana.

<sup>88</sup> Izao maraina izao, dia hoy ny Baiboly hoe, "Ary raha manao feo hafahafa ny trompetra, dia iza no hahafantatra izay hatao?" Raha ny Baiboly no nitory fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay, nefa ireo trompetra izay rentsika dia naneno androany hoe, "efa lasa ireo andron'ny fahagagana, tsy misy izany fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany," dia iza no hahafantatra hoe ahoana no hanomanana ny tenany?

<sup>89</sup> Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia iraka voahosotra avy amin'Andriamanitra! “Nitsangana tamin'ny maty Izy! Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay!” Izany no Hafatry ny andro.

<sup>90</sup> Oh, efa nisy ireo hafatra malaza, saingy ny Paska no nanarona azy rehetra! Ireo hafatra malaza; ny Paska no rehetra amin'izany! Rehefa ny maty...vita ny fiomanana ka ilay fahavalo farany...Efa nahita ny aretina sitrana isika tao amin'ny Testamenta Taloha. Efa nahita an'ireo fahagagana natao isika tao amin'ny Testamenta Taloha. Nisy ireo fahitana tonga tao amin'ny Testamenta Taloha. Fa lasa tao am-pasana avy hatrany ny olona rehetra, nanontany raha mba hitsangana indray izy. Fa tamin'ny marainan'ny Paska, rehefa nahazo an'ilay Hafatra malaza indrindra izay hany azon'ny olona iray ireto mpianatra ireto, dia inona no azony? “Mandehana, teneno ireo mpianatro, nitsangana tamin'ny maty Aho!” Efa resy ny fahafatesana!

<sup>91</sup> Tsy nisy olona mihitsy teto an-tany, tsy nisy mpaminany, tsy nisy olona malaza, tsy nisy olona masina mba afaka nandresy...Afaka nandresy ny aretina tamin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra izy ireo. Afaka nandresy ny fotoana izy ireo, tamin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra, ary nahita mialoha an'ireo zavatra izay ho avy. Afaka nandresy an'izany izy ireo. Fa tsy nisy mihitsy olona voahosotry ny hosotra tahaka an'izany avy tamin'Andriamanitra, ka afaka nanao an'io filazana io hoe, “Afaka manolotra ny Aiko Aho, haka azy indray Aho. Ravao ity vatana ity, Izaho no hanangana azy amin'ny andro fahatelo.” Tsy nisy mihitsy olona izay afaka nanao filazana iray tahaka an'izany. Ary nanontany tao am-pony izy, na marina io na tsia.

<sup>92</sup> Fa tamin'ny marainan'ny Paska, dia nahazo Hafatra iray izy ireo hoe, “Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao, mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Nitsangana tamin'ny maty Aho. Indro, Izaho momba anareo isan'andro, hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao mihitsy aza. Izay mino sy atao batisa no hovonjena, izay tsy mino no hohelohina. Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino: handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; raha mandray menarana izy ireo na misotro zava-mahafaty, dia tsy hampaninona azy ireo izany; raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireny.” *Ny Hafatry Ny Paska*, izany no iray amin'ireo hafatra malaza indrindra izay misy. Efa resy ny fahafatesana!

<sup>93</sup> Mieritreritra ny mpandresy iray isika. Napoléon, teo amin'ny fahatelo amby telopolo taonany, dia nandresy an'izao tontolo izao. Nandresy an'izao tontolo izao izy, nikaravasy ny firenena rehetra izay tokony ho voakaravasy izy. Ary tena kivy izy satria tsy nisy olona hafa hiadiana intsony, nipetraka izy ka nitomany.

Tsy nisy olon-kafa hiadiana intsony, saingy tsy nanaja an'ireo fitsipi-dalao izy. Mpivarotena an'arivony no nanaraka ny tafiny, nandeha niaraka tamin'ny basy sy niaraka tamin'ny sabatra izy. Tamin'ny fahatelo amby telopolo taonany, dia nandresy an'izao tontolo izao izy. Fa mpanandra iray izy, nefa maty amin'ny maha-alikaolika faratampony, satria tsy nanaja an'ireo fitsipi-dalao izy. Adinony ilay hafatra. Nandresy izy, saingy adinony ilay hafatra. Nandeha izy, saingy adinony hoe ho an'ny inona no nandehanany.

<sup>94</sup> Tahaka an'ilay zazalahy kely izay nihazakazaka tamin'ilay fihazakazahana, tahaka ny fiangonana mihazakazaka amin'izao andro izao, tahaka ny olona izay mihazakazaka, tahaka ny firenena izay mihazakazaka! Tsy ireo baomba atomika no fialofantsika, ny fialofantsika dia Jesosy Kristy sy ny Fitsanganany.

<sup>95</sup> Adinon'i Napoléon ilay zava-dehibe. Inona no nitranga taminy? Maty resy tanteraka izy, adala iray mamolava. Nahoana? Tsy nanaja an'ilay fitsipi-dalao izy, na dia nandresy an'izao tontolo izao aza, ara-batana. Nanomana tafika iray izy. Miaramila manam-pahaizana ambony izy, nalainy ny firenena rehetra ary nanao an'ireo zavatra (izay izy) izay tsy nisy olona hafa iray mihitsy afaka nanao na nahavita, tahaka azy, saingy adinony hoe inona ilay tena hafatra. Nalainy izany, ary nanao ny tafiny hahery izy, saingy adinony ilay herin'ny Tompo.

<sup>96</sup> Ny herin'ny Tompo no fiononantsika. Tsy manana hery hafa isika. Tsy manana fialofana hafa aho, tsy misy! Hamindra fo anie Andriamanitra! Esory ny aiko, saingy aza avela hanadino mihitsy aho hoe avy aiza ny heriko. Avy amin'ny Tompo izany! Tsy mila an'ireo zavatra tsara an'izao tontolo izao aho. Mila an'i Jesosy aho, mila ny Fitsanganany mirehitra ao amin'ny fiainako aho.

<sup>97</sup> Samihafa toy ny ahoana izany tamin'i Jesosy Kristy teo amin'ny fahatelo amby telopolo taonany! Tamin'ny fahatelo amby telopolo taonany, dia nanana ny zavatra rehetra Jesosy; Izy no nanao an'izao tontolo izao. Ary teto amin'izao tontolo izao Izy, fa izao tontolo izao tsy nahafantatra Azy. Tsy nanao ny Tenany ho laza mihitsy Izy. Tsy nanangona lehilahy miaramila mihitsy Izy. Tsy nandrafitra fiangonana mihitsy Izy. Tsy nanao anarana malaza ho an'ny Tenany mihitsy Izy. Tsy tonga niaraka tamin'ny diplaoma mihambo an'ny foto-pampianarana mihitsy Izy, teolojia, sy ny sisa, tsy nanana filazana iray mihitsy ny Aminy hoe mba nandeha tany amin'ny sekolin'ny teolojia. Fa nanana an'Andriamanitra Izy. Nanana an'Andriamanitra Izy. Ary tamin'ny fahatelo amby telopolo taonany, dia nandresy ny devoly tsirairay izay namoaka ny lohany avy tao amin'ny helo Izy. Nandresy ny aretina Izy. Nandresy ny finoanoam-poana Izy. Nandresy ny devoly Izy. Nandresy ny fahafatesana Izy. Ary rehefa maty teo amin'ny Hazo fijaliana Izy, dia nidina tao

amin'ireo lavaka tsy hita noanoa an'ny helo Izy, ka nandresy ny helo.

<sup>98</sup> Ary tamin'ny marainan'ny Paska dia nandresy ny fasana Izy. Nahoana? Nanaja tsara an'ireo fitsipi-dalao Izy, nihazakazaka niaraka tamin'ilay Hafatra. Izy dia, lasa Izy! “Mandehana.” Andriamanitra no naniraka Azy, ary nanana Hafatra iray ho tenenina tamin'izy ireo Izy. Ary niaraka tamin'ilay Hafatra izay nomen'Andriamanitra Azy, dia nandresy ny herin'i Satana Izy. Nandresy ny aretina Izy. Nandresy ny fahafatesana Izy. Nandresy ny helo Izy. Nandresy ny fasana Izy. Nahoana? Nandeha Izy! “Mandehana, teneno!” “Manao foana an'izay asehon'Ny Raiko Amiko mba hatao Aho. Tsy manao afa-tsy izay Teneniny Amiko mba hatao Aho.”

<sup>99</sup> Avy eo talohan'ny Nahafatesany, dia izao no Nolazainy hoe, “Tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy, dia toy izany koa no Anirahako anareo.” Tsy hoe hanao lehilahy amin'ny alàlan'ny hery ara-miaramila; tsy hoe hametraka ny fotoanareo rehetra amin'ny hoe iza no ho Filoha. Mety ho zava-dehibe izany, saingy tsy zava-dehibe izany ao amin' *Ity*. Vita izao tontolo izao. Manana Hafatra iray isika, izany dia, nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, ary Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

<sup>100</sup> Omaly, tao amin'ny efitra fitsarana kely, dia niezaka izy ireo hanao ahy hilaza zavatra izay tsy marina. Hoy aho hoe, “Tsy mpisoloky iray aho.” Hoy aho hoe, “Izaho dia—izaho dia—izaho dia mahitsy fo. Ary tsy afaka milaza ankoatr'izay fahamarinana ianareo.”

<sup>101</sup> Ary nisy lehilahy anankiray izay niaraka tamiko, nanao hoe, “Raha misy lehilahy iray hiresaka amiko tahaka an'izany, dia hahatsapa toy ny hoe hitoraka boky eo aminy aho.”

<sup>102</sup> Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko. Tsia, tsy tsara izany. Tsy izany no fomba hanatonana an'ilay izy. Tsy tsara.”

<sup>103</sup> Hoy izy hoe, “Eny, nahoana no tsy fantatrao ireo zavatra miseho? Nahoana ianao no tsy teo ivelany teo nanao an'izany?”

Hoy aho hoe, “Mandany ny fotoako manompo an'i Jesosy Kristy aho.”

<sup>104</sup> O Andriamanitra, oh, jamba ny olona ka tsy afaka mahita an'izany! “Tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy,” ny Ray no naniraka Azy, nandeha Izy. Nanana Hafatra iray ho tenenina amin'ny olona Izy. Ary tao amin'ilay oran'ny fahafatesana, dia nandresy ny fahafatesana Izy ary nandresy ny helo Izy, ary nandresy ny fasana Izy. “Tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy niaraka tamin'ny Hafatra, no Anirahako anareo miaraka amin'ny Hafatra; tsy hoe hanorina fiangonana, rafi-pandaminana, fa mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka aseho ny Herin'ny Fanahy Masina. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo, hiteny amin'ny fiteny vaovao,

handray menarana.” Ary satria mandeha mankao am-pasana ny vatantsika, dia nandeha ny Azy, Izy dia nandresy ny fahafatesana, ny helo, ary ny fasana. Izy no Mpandresy mahery.

<sup>105</sup> Maniraka antsika miaraka amin’Ny Hafany Izy. Ndao isika handeha miaraka amin’ily Hafatra, mandeha miaraka amin’ny zavatra iray ho tenenina. Mandehana, teneno! Tsy hoe mihazakazaka ary avy eo tsy afaka hiteny; ndao isika aloha hanana an’ily izy ao am-pontsika manokana.

<sup>106</sup> Rehefa tonga ianareo mba hivavahana, izao maraina izao, dia aza tonga amin’ny fomba kisendrasendra. Tongava miaraka amin’ily Hafatra ao am-ponareo hoe, “Izaho no Ilay efa maty, ka velona indray. Izaho no ilay Anankiray izay manome ny Hafatra hoe, ‘izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.’ Raha Andriamanitra Tsitoha no afaka naka ny—ny zazakely iray balamaso ka namerina ny fahitany ho ara-dalàna; Andriamanitra dia afaka naka zazakely iray, ny, zaza lahy iray teraka, tsy nahita mihitsy teo amin’ny fiainany, ary enina ambin’ny folo taona, namerina ny fahitan’ny masonry tamin’ny indray; dia afaka maka olona ory mahantra iray rotidrotiky ny homamiadana Andriamanitra . . .

<sup>107</sup> Ary satria marina ilay Hafatra, satria Andriamanitra no nandefa an’ily Hafatra, satria Andriamanitra no naniraka an’ily iraka, dia tsy isalasalana fa hitifitra azy ny basy tsirairain’ny helo. Marina izany, ho tafintohina sy ho lavo izy, fa hitsangana ka hanetsiketsika ny lohany, ary hanohy. Manana Hafatra iray isika, tsy misy na inona na inona hampijanona Azy! Haleloia! “Eo ambonin’ity Vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin’ny helo tsy haharesy Azy.” Afaka milaza an’izay tian’izy ireo ho lazaina izy ireo, hanao an’izay tian’izy ireo hatao, afaka ho romotra sy hivòvò ny devoly. Fa nitsangana tamin’ny maty Jesosy, velona ao anatintsika Izy androany!

<sup>108</sup> Andro vitsy lasa izay, niresaka tamin’i Dokotera Lamsa malaza aho, izay nandika ny Baiboly avy tamin’ny Aramaika, ho amin’ny Anglisy. Ary nahita an’ily famantarana kely aho, famantaran’Andriamanitra teo amboniny, niaraka tamin’ny teboka telo tao anatiny. Hoy aho hoe, “Dokotera Lamsa, inona io?”

Hoy izy hoe, “Izany no Andriamanitra, miaraka amin’ny toetra telo.”

<sup>109</sup> Dia hoy aho hoe, “Ny tianao ho lazaina ve, dia Andriamanitra mipetraka ao anatin’ny asa telo, toy ny, Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina?”

<sup>110</sup> Nitsangana izy ka nijery ahy, tonga teo amin’ny mason’io Jiosy io ireo ranomaso, hoy izy hoe, “Mino an’izany ve ianao, Rahalahy Branham?”

Hoy aho hoe, “Amin’izay rehetra ao am-poko.”

<sup>111</sup> Nanipy ny sandriny nanodidina ahy izy, ka nanao hoe, “Nanontany aho rehefa nahita an’ireo zavatra lehibe niseho, ary ireo famantarana izay nataonao.” Nilaza hoe, “Niteny tamiko izy ireo fa mpaminany iray ianao. Tsy nino an’izany aho, hatramin’izao. Ankehitriny dia fantatro fa izy ianao.” Hoy izy hoe, “Izay ilay izy! Izany ilay Hafatra. Izany ilay zavatra izay hanozongozona ny Fanjakan’Andriamanitra.” Hia. Hoy izy hoe, “Indray andro any dia ho faty nohon’ny amin’izany ianao, ry tovolahy.” Hoy izy, “Hanisy tombokase ny fanambaranao miaraka amin’ily zavatra iray ihany mihitsy ianao.”

<sup>112</sup> Iray amin’ny lehilahy malaza indrindra izay ananantsika, rehefa Eisenhower sy ireo lehilahy malazan’izao tontolo izao, Hollywood, ireo karazana kintan’ny sarimihetsika rehetra sy ny sisa no niantso azy, saingy nikatso mihitsy izy tao anatin’ily fivoriana. Hoy izy hoe, “Efa telopolo taona mahery aho izao, no nanao an’izao fandikana izao, tsy avy tamin’ny teny Grikan’i Vatican, fa avy tamin’ny Aramaika; avy tamin’izany avy hatrany mihitsy, avy tamin’ny Aramaika, ho amin’ny Anglisy.” Dia hoy izy hoe, “Nandany an’io fotoana rehetra io aho,” hoy izy, “vao avy nandeha tao amin’ny toerana iray izay ahitako an’Andriamanitry ny Baiboly mihitsy aho ankehitriny, mihetsika.” Hoy izy hoe, “Fantatrao, Rahalahy Branham, afaka mahita an’ireo famantarana sy fahagagana isika, saingy mandinika izahay hoe Feo inona no ananan’ily famantarana. Izahay Jiosy, mahita famantarana iray izahay, saingy mandinika an’ily Feon’ny famantarana.”

<sup>113</sup> Oh, Haleloia, ny Feon’ny famantarana! Niteny tamin’i Mosesy Andriamanitra hoe, “Raha tsy hihaino an’ily Feo izy ireo, ilay Feon’ny famantarana voalohany, amin’izay fotoana izay dia hihaino an’ily Feon’ny famantarana faharoa izy ireo.” Tsy dia ilay famantarana loatra, fa ilay Feo izay nandeha niaraka taminy.

<sup>114</sup> Hitanareo, io Jiosy io, fantany izay noresahany. Hoy izy hoe, “Nahita an’ireo fahafantarana aho, nahita an’ireo famantarana aho, ireo fahagagana, lasa sitrana ny jamba, sy ireo karazana famantarana rehetra, saingy nanontany aho, nefa hitako ankehitriny fa ilay Feo ao ambadik’izany dia tsy hanapaka an’Andriamanitra ho ampahany telo, ka manao hoe, ‘Izy dia Andriamanitra anankiray, ilay Ray, ary ny manaraka, ilay Zanaka, . . .’ Hoy izy hoe, ‘Andriamanitra no Andriamanitra: toetra telon’Andriamanitra; asa telon’Andriamanitra.’” Hoy izy, “Izany no manamarina an’ily izy.”

<sup>115</sup> Oh, rahalahy, manana Hafatra iray isika! “Mandehana, teneno ireo Mpianatro! Izaho tsy ilay *anankiray* izay maty, sy anankiray *hafa* izay saiky maty, ary ilay anankiray *hafa* izay velona. Izaho no Izy izay Nisy, izay Misy, ary Ho Avy; ilay Fototra sy Solofon’i Davida; ilay Kintan’ny Maraina sy Mampiratra.” Eny!

116 Inona no soa ataon'ny mandeha, ataon'ny hoe mandeha, raha tsy manana zavatra ho tenenina ianareo? Tsy maintsy manana zavatra ho tenenina, marina izany hoe: “Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia tia anareo rehetra. Maty ho anareo rehetra Izy. Tiavo Jesosy Kristy ilay Zanak'Andriamanitra.”

117 Firy no mba efa tao amin'ireo fivoriana, ka nahita an'ireo famantarana sy fahagagana lehibe an'Ny—an'Ny fisehoany, hoe ahoana no Amantarany sy anehoany, sy ny sisa? Izany ilay Andriamanitry ny Lanitra, Izay nitsangana tamin'ny maty.

118 Tokony hahita an'ilay famantarana Hebreo an'Izany ianareo. Izany dia Hazavana iray, tahaka ny Andry Afo, ary misy marika kely telo ao anatiny, Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, izay tsy olona telo. Izany dia Andriamanitra anankiray velona ao anatin'ny asa telo. Ilay Andriamanitra iray ihany! Haleloia! Andriamanitra eo amboninareo, Andriamanitra miaraka aminareo, Andriamanitra ao anatinareo. Ilay Iray ihany nampidina ny Tenany, manadio Ny Fiangonany, mba Ahafahany ho velona. Rehefa manapaka Azy ho potipotika ianareo, ka mametraka anankiray *eto*, ary anankiray ho *eto*, anankiray *etsy*, dia fanompoan-tsampy arak'izay mety haha-izy azy izany.

119 Mino ny fitsanganan'i Jesosy Kristy aho, nitsangana tamin'ny maty. Ary Izy no Lelilahy tokana izay afaka nilaza hoe, “Ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany dia nomena eto an-Tànako. Ny fahefan'ny Lanitra sy ny tany rehetra dia nomena eto an-Tànako. Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao, ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra.” Tsy tonga amin'ny teny fotsiny ihany ny Filazantsara, fa amin'ny alàlan'ny hery sy fanehoan'ny Fanahy Masina. Andriamanitra anie hanampy anareo mba hino an'izany, Andriamanitra anie hanampy ahy mba hino an'izany, dia hahita an'i Jesosy isika indray andro any.

Rehefa tapitra ireo asa mafin'ny fiainana,  
Dia hahita an'i Jesosy isika amin'ny farany;  
Eo amin'Ny Seza fiandrianany tsara tarehy,  
No Handraisany ahy any an-Trano,  
Rehefa lasa ny andro. (Marina izany.)

Ireo fasika dia voafafan'ireo dian-tongotra  
An'io Vahiny avy any amin'ny moron'i Galilia io.

120 Namono Azy izy ireo satria nanao ny Tenany ho Andriamanitra Izy, nefa Izy no Andriamanitra. Nahanton'izy ireo Izy, satria, maty teo ambanin'ny fanasaziana lehibe Izy. Izany no antony tsy inoako ny fanasaziana lehibe. Jesosy dia maty teo ambanin'ny—ny fanasazian'ny fanasaziana lehibe avy tamin'ny governemantam-pirenen'i Roma. Ny fanasaziana lehibe, dia, ny mihantona eo amin'ny hazo fijaliana iray. Maty teo ambanin'ny fanasaziana lehibe Izy, nendahina Taminy ireo



Akanjony, ary nihantona teo, nanala baraka Azy, ary maty tao amin'izany toerana izany Izy. Saingy Andriamanitra nanangana Azy tamin'ny andro fahatelo!

<sup>121</sup> Ary isika no Vavolombelony. Ary raha tsy manohana Azy isika, dia iza no hanohana Azy?

<sup>122</sup> Nihaona tamiko ny lehilahy iray indray andro, nanao hoe, “Oh, Rahalahy Branham, aza miteny ianao. Mitsahara ianao miteny. Ianao—mandratra ny fihetseham-pon'ireo vehivavy ianao, mikasika azy ireo manao volo fohy, sy mikasika azy ireo manao an'ity sy manao an'itsy, sy ny sisa tahaka an'izany.”

<sup>123</sup> Hoy aho hoe, “Raha tsy miteny azy ireo aho, dia iza no hiteny azy ireo? Iza no hiteny an'izany?”

Hoy izy, “Eny, manao an'ireo mpitory teny ho tezitra ianao.”

<sup>124</sup> Aleoko manao azy ireo ho tezitra amiko, toy izay Izy. Izany no Fahamarinana. Marina izany! [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Marina. Iza no hiteny an'izany? Olona iray no tsy maintsy hiteny an'izany.

<sup>125</sup> Hoy Jesosy hoe, “Mandehana, teneno. Mandehana ka teneno, teneno ireo Mpianatro fa nitsangana tamin'ny maty Aho. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Indro, Izaho momba anareo isan'andro, hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao mihitsy aza.”

<sup>126</sup> Mino an'izany ve ianareo, ry sakaiza?

Ndao isika hivavaka, raha manondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka isika ankehitriny.

<sup>127</sup> O Andriamanitra Ray! Marina tokoa, “Mandehana, teneno. Mandehana, teneno ireo Mpianatro fa nitsangana tamin'ny maty Aho.” Ary Andriamanitra Ray, tsy niteny tamin'ireo Mpianatrao fotsiny ihany Ianao, fa nanaporofa tamin'izy ireo Ianao fa nitsangana tamin'ny maty Ianao. Naneho ny Tenanao tamin'izy ireo Ianao, ary nanao marina tokoa ny fomba izay Nataonao talohan'ny Nahafatesanao. Sivinjato sy arivo taona izany no tonga sy lasa, Tompo, mbola mirehitra foana ilay Hafatra. Mampiratra sy mirehitra mihitsy ao am-ponay izany androany tahaka azy tamin'ireo mpianatra, satria hitanay eto afovoanay mihitsy ilay Tompo nitsangana, manao an'ireo zavatra izay Nataony tany aloha. Fantatray fa nitsangana tamin'ny maty Izy.

<sup>128</sup> Midika betsaka aminay ny Paska, satria nandray anjara izahay ary mankasitraka ny fiombonan'ny Fitsanganany. Satria maty tao amin'ny fahotana sy heloka izahay fahiny, tahaka an'ilay zanaka adala, saingy nahita fitia izahay ankehitriny, ka namela anay tamin'ny fahotanay Andriamanitra. Nanome anay ny Tombokase ihany koa Izy, tahaka ny Nataony tamin'i Abrahama Ray, mba hanamarina fa nanaiky anay Izy. Nilaza i Abrahama Ray fa nino an'Andriamanitra izy, saingy Izy no nanome azy ny tombokasen'ny famorana ho fanamarinana

fa tena nino Azy izy. Ary ankehitriny, Ray, voaforan'ny Fanahy Masina izahay androany, maty ireo zavatr'izao tontolo rehetra izao. Manana tanjona anankiray izahay: manompo Anao. Manana faniriana anankiray izahay: tia Anao, ho Mpianatrao.

<sup>129</sup> Ary ankehitriny, Tompo, mivavaka aho mba Hanamarinanao an'ity hafatra kely tapatapaka ity amin'ny fo tsirairay. Aza avela ho diso an'izany izy ireo. Avelao izy ireo hahita fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, fa eto Ianao, nitsangana tamin'ny maty, ary ho eto mandra-pahatongan'ny—ny Fanahy sy ny vatana hiaraka hiray indray amin'ny Fihaviana Faharoa.

<sup>130</sup> Mivavaka ho an'ny marary izay eto aho, Ray, izao maraina izao. Izaho ankehitriny dia, eo amin'ity marainan'ny Paska ity, nanaisotra (na, tsy nanaisotra, fa nametraka fotsiny mandritry ny fotoana vitsy) an'ireo fanomezam-pahasoavana izay Nomenao ahy, toy ny famantarana. Izao tontolo izao, efa nandeha nandroso sy niverina nanerana an'ireo firenena aho, Tompo, mahafantatra an'izany izy rehetra. Ankehitriny dia mivavaka aho, mba, ilay Hafatra izay Nomenao ahy teto tany anaty ala, izany, andro vitsy lasa izay, izany, teo amin'ilay hery mamorona izay mipetraka ao amin'ity fiangonana ity izao maraina izao, ilay vahoaka izay namoronana azy, mivavaka aho, Andriamanitra, raha tonga mba hametraka ny tãnako eo amin'ny marary aho izao maraina izao, miaraka amin'ireo rahalahiko eto, mba Hilatsahanao eo amin'ity fiangonana ity izao maraina izao, miaraka amin'ny famindrampo, sy mba Hanasitrananao ny olona, mba tsy hisy olona iray halemy eto afovoanay rehefa mifarana ny fotoana. Enga anie ny tsirairay avy amin'izy ireo ho voatahy sy ho sitrana.

<sup>131</sup> Fantatray, Tompo, fa tsy misy na inona na inona azonay ampiezahana ny tenanay. Ilay izy dia toy ny finoan'ankizy tsotra fotsiny, mino. Afaka mahita an'ireo mpianatra izahay rehefa avy nomena hery hanasitrana ny marary izy ireo, nandeha izy ireo ka resy teo amin'ny aretina androbe iray; nihiakiaka sy niantsoantso, angamba, ary nitsambikina ambony sy ambany, ary niezaka ny hanao an'ilay devoly hiala. Saingy rehefa nihaona tamin'i Jesosy izy, oh, hafa toy ny ahoana. Hoy Izy hoe, "Ianao ry fanahy ratsy, mivoaha avy ao aminy." Fahasamihafana iray toy ny inona. Oh, fantany fa tsy apostoly iray izany. Izany no Tompo Izy tenany. Ary nanorotoro an'ilay zazalahy ilay fanahy ka nanipy azy teo amin'ny tany. Fa hoy Jesosy hoe, "Tsy maty izy. Atsangano fotsiny izy dia omeo hanina." Lasa ilay fanahy ratsy.

<sup>132</sup> O Jesosy, Ianao ry Zanak'Andriamanitra, tongava indray, hosory Ny Fiangonanao maimaim-poana, feno, hahery. Enga anie ny Fanahin'ilay Jesosy nitsangana velona hanangana an'ity fiangonana kely ity izao maraina izao ao amin'ny finoana iray vaovao, hery, herin'ny finoana, mba ahafahanay mametraka ny mpanohitra tsirairay eo amin'ny henatra. Ekeo izany, Tompo. Mametraka an'ireto olona rehetra ireto eo Aminao aho,

mangataka mba Hitahiana azy ireo sy hanomezanao azy ireo ny famonjena ho an'ny fanahiny, manasitrana ny vatan'izy ireo, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tomponay.

<sup>133</sup> Ary miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia hametraka an'ilay fanontaniana aho. Misy olona ve ato izay tsy Kristiana, ka te-ho tsarovana ankehitriny, ary hanao hoe, “Mivavaha ho ahy, Rahalahy Branham”? Andriamanitra hitahy anao etsy. Olon-kafa iray, “Tsy Kristiana iray aho. Efa nandre an'ireo vaovao aho hoe nitsangana tamin'ny maty Jesosy, saingy tsy fantatro marina ilay izy. Tsy nitsangana tao am-poko mihitsy Izy. Tsy manana fahafaham-po aho. Izaho dia marary, ihany koa. Handeha eo amin'ny laharam-bavaka iray aho, miverina dia mandeha eo amin'ny iray hafa, miverina dia mandeha eo amin'ny iray hafa. Handeha hitety fiangonana aho, sy hitety toerana.” Tsy izany ilay izy. Ilay izy dia ny mino Azy. Nitsangana tamin'ny maty Izy. Milamina hatreo izany. Hisy olon-kafa ve hanangana ny tanaanareo? Manaova... Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Olon-kafa, “Te-hino aho. Te-hino aho”?

<sup>134</sup> Firy no marary ato, atsangano ny tanaanareo, manaova hoe, “Te-hino aho. Tiako ny hahafantatra an'ilay Hafatra izao maraina izao.” Andriamanitra hitahy anao. Tsara izany. Eny, Andriamanitra hitahy anao, anaka. Tsara. Eny àry.

<sup>135</sup> Ankehitriny, Teddy, tiako ianao hitendry ny “*Ilay Mpitsabo Lehibe*,” iray minitra fotsiny, raha sitrakao, “dia akaiky ankehitriny.” Ary raha mbola manao an'izany ianareo. . .

<sup>136</sup> Sarotra izany izao ankehitriny izao. Miseho manerana ny tranobe rehetra ireo fahitana, hitanareo. Hia, miezaka aho ny, niezaka aho ny hanao an'ity ho fitsanganana iray, avoavo kely kokoa, avoavo kely kokoa avy eo amin'ny—avy eo amin'ny antontan-davenona izay nipetrahako. Mila fanambarana iray amboniny kely aho. Zavatra anankiray no fantatro; raha mbola mifikitra foana eo amin'io asam-panompoana voalohany io aho, dia tsy ho tonga ilay faharoa, tsy tonga izany. Ankehitriny raha mbola mifikitra foana eo amin'ilay faharoa aho, dia tsy ho tonga ilay fahatelo, hitanareo. Tsy maintsy mivoaka mihitsy aho, mivoaka ary mino an'izany hoe, “Andriamanitra no niteny an'izany!” Andro vitsy lasa izay. . .

<sup>137</sup> Ankehitriny dia afaka mampitraka ny lohanareo ianareo ankehitriny raha tianareo. Voamariko ny tanaanareo; voamarik'Andriamanitra izy ireny.

<sup>138</sup> Te-hiteny zavatra kely iray aminareo aho. Rahalahy Ed Daulton, mino aho fa vao avy niditra ny varavarana izy, rahalahy Batista mahafinaritra, izy sy ny vadiny. Eto Rahalahy Jeffries any ho any. Othel Jeffries. Ary eto izy, fantatro fa eto izy any ho any. Na ahoana na ahoana, ireo rahalahy ireo dia nanomana fivoriana iray mba handehanako, tany Kentucky. Rahalahy,

rahalahy sarobidy, tia ny mpiara-monina aminy sy ireo olony. Nahazo an'ireo trano malalaka sy tranobe fitehirizana fitaovam-piadiana sy ny sisa izy ireo, ho an'ny fivoriana hariva anankiray fotsiny, dia nanofa an'ireo efitra fitehirizana fitaovam-piadiana izy ireo. J. T. Hoover kely, na inona ny... L. G. Hoover dia nanomana anankiray tany Elizabethtown. Ary Rahalahy Ed Daulton tany Willow Shade na—na Somerset, Somerset. Ary rahalahy, ilay rahalahy hafa dia tany amin'ny manodidina an'i Glasgow, izay nahaterahako. Ireo olona avy tany amin'izay nahaterahako sy nitaizana ahy, izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo tamiko voalohany.

<sup>139</sup> Ary te-hiverina aho. Saingy nahatsapa don-kiho kely iray aho. Dia hoy aho hoe, “Eny, nohon'ny amin'ireo rahalahy, dia hataoko ilay fivoriana.” Vantany vao tonga teo amin'io lohasaha io aho, dia nikatona tanteraka ny tendako ka tsy niteny aho nandritry ny sivy andro, mandra-pahatapitr'ireo fivoriana.

<sup>140</sup> Rahalahy Ruddell, mety eto izy izao maraina izao, ihany koa, iray amin'ireo rahalahy avy amin'ity tabernakla ity, izy sy Junie Jackson ary izy ireo, natao hanana fivoriana iray ho azy aho. Ary teo no ho eo, dia nikatona tanteraka ny tendako. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, tratry ny tazo teo amin'ny zato sy dimy degre aho. Ary saika handeha hankany amin'ilay fivoriana aho, aloha, fa—fa nilaza tamiko Doc Schoen... Hoy aho hoe, “Farina ny tendako.”

<sup>141</sup> Hoy izy hoe, “Hanome zavatra iray ho anao aho mba hampahalalaka an'ireo làlam-peo, dia mandrosoa ka mitoria teny.” Dia naka zavatra hafa iray izay nomeny ahy aho, ka, ilay izy dia, nisintona an'ilay taolan'orona nidina izany ka nanentsina azy. Noho izany dia nandry teo am-pandriana nandritry ny sivy andro aho, niaraka tamin'ny tazo ambony nahamay.

<sup>142</sup> Maro amin'ireo rahalahy eto no nanatona ahy, tonga nivavaka ho ahy ireo rahalahy malaza maro. Indro tonga Rahalahy Graham Snelling, indro tonga Rahalahy Ruddell, ireo rahalahy rehetra eto ireo, niangona ny rehetra, nivavaka sy ny zavatra hafa rehetra. Izaho nivavaka, niezaka ny tsara indrindrako, tsy afaka nibitsibitsika akory aza. Nanontany aho hoe, “Inona daholo ny mikasika an'izany?” Ny vadiko kely mahate ho tia mipetraka eo, izy sy izy ireo nivavaka ho ahy, nanohy nijanona tsy niova fotsiny mihitsy. Tsy nety nahazo izy ireo.

<sup>143</sup> Ankehitriny, nanome ahy fanafody vitsivitsy ho hanina izy, saingy tsy nohaniko ilay izy, satria fampatoriana. Ary avy eo dia navelako handeha fotsiny ilay izy. Ary nanohy nieritreritra fotsiny aho hoe, “Tompo, azo antoka tokoa!”

<sup>144</sup> Ary avy eo, rehefa nifarana ireo fivoriana rehetra, tamin'ny Alatsinainy iray (izany dia, ilay fivoriana farany, dia natao ho ny Sabotsy), ary noho izany (mino aho), ary noho izany, dia

nanandrana ny hitsangana aho ny Alatsinainy. Tena nalemy aho, tsy afaka nandeha nanerana an'ilay efitra aho. Nipetraka aho.

<sup>145</sup> Fantatrareo, tena mankasitraka aho ny amin'ny vady iray nomen'Andriamanitra. Ary ianareo, rahalahy? Tena vady iray, tena namana iray!

<sup>146</sup> Nipetraka aho. Nanao fihetsehana kely taminy aho, ary nasaiko nanakaiky ahy izy. Dia hoy aho hoe, “Meda, matetika aho no manontany,” hoy aho, “manontany aho, inona ilay olana.” Hoy aho hoe, “Nahoana no nisy teo ireo fivoriana ireo, nefa Andriamanitra namela ahy handry tahaka an'izao?” Hoy aho hoe, “Nahoana izany?” Dia hoy aho hoe, “Matetika aho dia manontany raha mba Izy no niantso ahy.”

<sup>147</sup> Hoy izy hoe, “Tsy menatra ny tenanao ve ianao?” Hitanareo? Dia niteny tamiko izy, nanao hoe, “Bill, tsy fantatrao ve fa Andriamanitra dia mahafantatra izay Ataony aminao? Izao fotsiny, mipetraka tsara fotsiny.”

<sup>148</sup> Ary noho izany dia niditra aho. Karazany nananatra kely ahy izany, fantatrareo. Ary noho izany dia niditra aho nitsilany teo ambonin'ny fandriana. Niditra izy mba hanolo an'ireo lambampandriana. Ary izy dia nihazona an'ireo—ireo zavatra teny antsandriny, ary rehefa nanomboka hivoaka izy, dia nijery aho, ka nisy ny . . .

<sup>149</sup> Nahita anankiray an-. . .tranobe fitehirizana fitaovampiadiana goavana be iray aho, izay namiratan'ny masoandro ka nanapoaka ny tany, nitsoka azy ho potipotika, ilay masoandro namiratra avy tany An-danitra. Ary indro tonga ny vehivavy telo sy lehilahy iray, nanatona. Ary izy ireo dia nanana toy ny kely bitika, toy ny kely. . .karazana basy fitifirana kely, tahaka an'izany. Ary hoy izy hoe, “Mandentika fantsika ity.” Ary hoy izy, “Izahay dia. . .Hazony ireto potipotiny ireto, Rahalahy Branham, fa hanorina an'ity fitehirizana fitaovampiadiana ity ho anao indray izahay.”

Dia hoy aho hoe, “Eny àry, hataoko izany.”

<sup>150</sup> Saingy nisy Zavatra nanao hoe, “Aza manao an'izany.” Eny, naninji-tànana aho haka potipotiny iray, tahaka an'izao, mba hanorina azy tahaka an'izao. Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy no niteny tamiko ny Feo iray, ka nanao hoe, “Ankehitriny dia eo amin'ny lâlana haka anao hiverina izy ireo. Aza mino an'izany.” Hoy Izy, “Tena tso-po mihitsy aza izy ireo, ary hanatona anao izy ireo miaraka amin'ny HOY NY TOMPO HOE, saingy diso izy ireo.” Hitanareo?

<sup>151</sup> Fred Sothmann, maro amin'izy ireo eto, no tany mihitsy rehefa niteny tamin'izy ireo mikasika an'izany aho. Tao anatin'ny adiny iray latsaka, dia nitondra fiara teo anoloan'ny varavarako mihitsy ny olona. Hoy aho hoe, “Misy vehivavy telo sy lehilahy iray eo.”

“Marina tokoa izany.”

“Tonga miaraka amin’ny HOY NY TOMPO HOE ve izy ireo?”

“Eny, tompoko, izy ireo . . .”

<sup>152</sup> Hoy aho hoe, “Mazava ho azy, fantatro izay ho tenenina amin’izy ireo.” Diso tamim-pahatsoram-po, hitanareo. Olona mahafinaritra, saingy diso tamim-pahatsoram-po. Hitanareo?

<sup>153</sup> Noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, inona no azoko atao? Inona no tsy maintsy ataoko?” Ary tamin’izay fotoana izay dia niditra i Meda, ary lasa niverina izy. Ary nandeha Rahalahy Freddie ka niteny tamin’ireo olona. Ary avy eo afaka kelikely, tao anatin’ny tao aho teo ambonin’ny—teo ambonin’ny fandriana, ka nieritreritra aho hoe, “Nahoana no tahaka an’izany no fitrangany? Nahoana aho no tsy afaka miteny? Nahoana aho no tsy afaka miresaka amin’ny olona, na zavatra iray?” Dia nandry tao aho. Ary niditra i Meda, dia niverina nivoaka an’ily efitra.

<sup>154</sup> Dia nijery aho, ary nahita zavatra iray nipiapiaka teo amin’ny ilany iray. Dia nijery aho, ary teo io . . . nisokatra ny rindriko, ka nahita an’i Jesosy aho. Firy aminareo no efa nandre ahy nilaza fa indroa aho no nahita an’i Jesosy teo amin’ny fiainako, tao amin’ny fahitana? Ary nino aho fa hahita Azy indray alohan’ny andro farany, hitanareo, hahita Azy indray. Ankehitriny, nijery aho, ary teo ivelany teo mihitsy ny lanitra, toy ny hoe nijery teo amin’ny rindrina mihitsy aho. Ary nisy Baiboly teo nitsangana mihitsy tahaka an’izao, Baiboly goavana be iray nitsangana teo amin’ny lanitra. Eny, nisy zavatra iray namokatra hazavana nanodidina an’ily Baiboly, ary avy tao amin’ily Baiboly no nivoaka ny hazo fijaliana volamena iray tena tsara tarehy. Ary izany dia nitsangana tahaka an’izao, ary ireo hazavana dia tonga avy amin’ny manodidina azy rehetra, ary avy tao amin’io hazo fijaliana io Izy no nivoaka. Ilay Baiboly nitaratra an’ily hazo fijaliana, ilay hazo fijaliana nitaratra Azy. Ary nivoaka Izy nandeha, ary nandeha nankeo amin’izay nisy ahy mihitsy. Afaka mahita an’izany mazava mihitsy aho, afaka mahita an’io hazo fijaliana io mitaratra ny Volony nitsangana teo, nihantona nidina nanerana ny Tavany.

<sup>155</sup> Niondrika nijery ahy Izy tahaka an’izao, ka hoy Izy tamiko hoe, “Miandry ny asam-panompoanao vaovao ho hamarinina aminao ianao.” Hoy Izy hoe, “Efa Nohamariniko taminao izany. Efa nohamarinina izany. Tsy maintsy manaiky an’izany ianao.” Hitanareo? Dia nitsangana aho ka nihaino Azy iray minitra fotsiny. Ary tonga tao an-tsaiko izany. Tsy reko izany, tonga tao an-tsaiko fotsiny ilay izy.

<sup>156</sup> Tahaka ny lehilahy iray izay efa mpanota teo amin’ny fiainany rehetra, ka mahafantatra izy fa misy Baiboly iray, mahafantatra fa misy Andriamanitra iray, saingy tampoka teo dia mandre toriteny anankiray izy, amin’izay fotoana izay dia misy Zavatra miteny aminy hoe, “ianaosy izany.” Noho izany, ilay

Teny iray ihany izay efa teo nandritry ny fotoana rehetra, kanefa mbola nohamarinina taminy izany, amin'izay fotoana izay dia hoy izy hoe, “Tompo, mamelà ahy.” Fa tsy hahavita soa izany raha tsy manaiky ny famonjeny izy, amin'izay fotoana izay dia mivoaka izy ary Kristiana iray. Tsy mampaninona na impiry izy no miantsoantso, impiry izy no miangavy, tsy maintsy manaiky an'Izany izy.

<sup>157</sup> Dia hoy Izy tamiko avy eo hoe, “Tsy maintsy tahaka an'izany koa no anekenao azy. Tsy maintsy mino an'izany ianao.”

<sup>158</sup> Matahotra faharesena aho. Ny zavatra rehetra, dia matahotra hitondra latsa iray aho. Matahotra an'izany foana aho, miambina, mihevitra fa hiantso an'ilay zavatra ratsy aho. Satria, efa nandray ny fampitandreman'ny Baiboly aho, ahoana fa nomena fahefana lehibe i Mosesy, ka nikapoka an'ilay vatolampy izy raha tokony hiteny aminy. Tsaroako i Elia, satria lasa sola loha izy, dia namazivazy azy ireo ankizy kely satria sola loha izy; ary nanonona ozona iray teo amin'ireo ankizy ireo izy, ka roa amby efapolo tamin'izy ireo no novonoin'ny bera, hitanareo. Ary tsy ny Fanahy Masina izany, fa izany dia ilay mpaminany, tezitra. Ary izaho—efa niteny an'ireo zavatra rehetra ireo aho, mba hahatongavana eo amin'izany.

<sup>159</sup> Ary nitsangana teo Izy, niresaka tamiko. Ary hoy Izy hoe, “Saingy mandeha miaraka amin'ny maro loatra ianao.” Hoy Izy hoe, “Mba handehanana miaraka Amiko, dia handeha irery ianao.”

<sup>160</sup> Hitako tamin'izany, nisahirana be loatra tamin'ireo anaram-piangonana sy ny sisa aho, hitanareo, olona iray miezaka miteny aminareo an'izay atao sy izay tsy atao. Tsy maintsy manaraka Azy ianareo. Ankehitriny, tsarovy ilay fahitana izay Nomeny ahy mikasika an'ireo trondro, fantatrareo, ary ahoana fa tsy afaka mampianatra an'ireo famantarana ivelan'ny voajanahary amin'ireo zazakely Pentekotista ianareo. Tsarovy. Ary teo izany. Ary eo amin'ny moron'io Hafatra vaovao io mihitsy aho izao.

<sup>161</sup> Vantany vao niala tamiko ilay fahitana, dia hoy aho hoe, “Amena, Tompo!” Ary nitsangana teo ny vadiko, saiky torana. Dia nitsambikina niala tamin'ilay fandriana aho, afaka niresaka tsara tahaka ahy hatramin'izay aho. Tao anatin'ny iray segondra monja, dia niala tamiko ny kely tsirairay an'ilay tazo.

<sup>162</sup> Niantso an'i Doc Schoen aho, hoy aho hoe, “Tiako ianao hijery ahy.” Hoy izy hoe, “Inona?”

<sup>163</sup> Ary tonga tany aho, ka nijery ahy izy, nijery nanerana an'ireo taolan'orona ireo, nanao hoe, “Teneno amiko izay nitranga, Rahalahy Branham.”

Dia hoy aho hoe, “Hino an'ilay tantarako ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Ahoana no ahafahako hisalalasa amin'izany? Nitranga ilay izy.”

<sup>164</sup> Izay ilay izy, hitanareo. Izay ilay izy, ry sakaiza. Andriamanitra no mahafantatra hoe ahoana no hihazonana anareo eo amin'ny antontan-davenona iray. Izy no mahafantatra hoe ahoana no anaovana zavatra iray ho anareo mandra-Pahavitany mandefa an'ilay Hafatra ho aminareo, hitanareo, mba hahavita zavatra.

<sup>165</sup> Androany, dia tsy fantatro hoe impiry resy aho. Niditra aho vao tsy ela akory izay, nihaino fandaharan'ny radio iray. Ary nisy mpitoriteny iray nitory ny amin'ny fitsanganana, avy tao amin'ny Korintiana Voalohany 15. Dia nitory ny fitsanganana izy. Ary nijanona mihitsy izy teo afovoan'ny toriteniny, ka hoy izy hoe, "Fantatrareo, olona maro no matahotra faharesena." Hoy izy hoe, "Rehefa nahavery andiana miaramila iray ny Jeneraly Patton," hoy izy, "tamin'izay fotoana izay dia niteny taminy izy ireo... Naniraka indray izy ka nila vitsivitsy amboniny, ary nandefa vitsivitsy amboniny ho azy izy ireo. Hitany fa maty izy ireo, ka nangataka vitsivitsy amboniny izy. Ary rehefa nahazo an'ireo andiany fahatelo ireo izy tany," hoy izy, "isaky ny misiotsioka ny balan-tafondro iray, dia nihazakazaka tao ambanin'ny takela-by iray izy ireo, na teo ambanin'ny zavatra hafa iray, natahotra."

<sup>166</sup> Hoy izy hoe, "Andefaso lehilahy aho, fa tsy ankizy." Hoy izy hoe, "Mila lehilahy izay vonona ho faty aho. Tsy mila olona izay matahotra ny ho faty aho. Raha tsy mendrika ny ahafatesana ilay antony izay iadiantsika, amin'izay fotoana izay dia esory miala lavitra ahy izy ireo. Mila lehilahy aho."

Hoy izy ireo hoe, "Fa efa nahavery adim-pifanandrinana roa na telo ianao."

<sup>167</sup> Hoy izy hoe, "Tsy veriko ilay ady. Nahavery adim-pifanandrinana iray fotsiny aho." Nisy Zavatra niteny tao am-poko.

<sup>168</sup> Tsaroako Eisenhower nanao hoe, "Rehefa nanipy balan-tafondro iray aho, nibaiko ka nampiditra bala iray tao anatin'ilay basy izy ireo, nosintonin'izy ireo izany ka nitsefotra ilay izy, tsy nety ilay izy," hoy izy, "tsy nijanona aho ka niala. Navoakako ilay balan-tafondro ary nampiditra iray hafa aho, nanandrana azy. Raha tsy nety ilay izy, dia nampiditra iray hafa aho, mandra-pahatongan'ny anankiray nety."

<sup>169</sup> Tahaka an'izany no tokony hanaovana an'ilay izy. Tsy fantatro hoe hanao ahoana ilay izy. Fa Andriamanitra no Mpitsarako eto amin'ity polipitra ity, tsy fantatro hoe fitseforana firy ary firy—adim-pifanandrinana firy no ho veriko, saingy tsy nahavery an'ilay ady aho. Izy no niteny tamiko fa hiaraka amiko Izy. Hijoro aho mandra-pahitako an'io asam-panompoana io voamarina ary mahita azy ao amin'ny asa. Manomboka aho izao maraina izao, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra. Tsy fantatro na hety izany eto, na



hety izany any an-kafa any ho any, ahoana no hampety azy na inona no hiseho. Fa handeha avy hatrany eo amin'ireo laharam-bavaka aho, hivavaka ho an'ny marary, mandra-pahafantatro an'izay mitranga. Nahita an'izany nitranga indroa na intelo aho.

<sup>170</sup> Nahita an'izany nitranga tao an-tranon'i Hattie aho. Firy no efa mba nandre an'ilay tantara mikasika an'ireo vontsira, sy mikasika an'ilay zazavavy, ilay vehivavy kely? Ilay olona voalohany indrindra araka ny fantatsika, hatramin'ny andron'ireo mpianatra, izay hany nomena an'ilay tombontsoa hilaza hoe, "Angataho izay tianao," raha mbola eo ianareo. Efa mba nandre an'ilay tantara ve ianareo? Efa mba nahita an'ilay vehivavy ve ianareo? Firy no tsy mbola nahita azy mihitsy, ka maniry, te-hahita an'ilay vehivavy izay nitrangan'izany? Isika . . .

Hattie, hitsangana ve ianao? Io ilay ramatoa.

<sup>171</sup> Nitsangana tao an-tranony. Rehefa avy nahita an'ireo vontsira valo aho, izay tsy nisy anankiray tanteraka mihitsy teo na taiza na taiza, ka, niteny ny teny fotsiny, dia nitsangana teo izy ireo. Marina izany. Izany dia, teo izy ireo. Dia hoy aho hoe, "Inona no nanao an'ireo vontsira ireo ho tonga teo?" nipetraka teo amin'ny latabany. Ary ny reniny, Ranabavy Wright, eto Rahalahy Wright, nipetraka tany. Firy no teo amin'ilay latabatra, firy ny eto izao maraina izao? Atsangano ny tãanareo. Eny, ireo izy ireo, manerana ny tranobe rehetra. Hitanareo? Eny àry, tany izy ireo. Dia hoy aho hoe, "Indray andro any . . ." Nipetraka teo ny rahavavy kelin'izy ireo kilemaina.

<sup>172</sup> Hoy aho hoe, "Tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny fahitana izany, sy ny sisa, fa indray andro any dia ho hafa no hahatongavany." Niresaka tahaka an'izany aho. Tampoka teo, nisy Zavatra iray nanosotra an'izany (avelao ho an'io olona io izany), tsy mbola nahatsapa hosotra tahaka an'izany mihitsy aho. Nahoana? Satria nilaza an'ilay zavatra marina i Hattie.

<sup>173</sup> Hoy aho hoe, "Avy taiza ireo vontsira ireo? Tsy nisy anankiray teo, na dia toerana iray ho azy ireo aza, tahaka ny eo ambonin'ny andrin-telefona iray fotsiny mihitsy teo. Ary nahita an'izany nitranga imbalo nisesy aho." Dia hoy aho hoe, "Tsy fantatro hoe avy taiza izany." Hoy aho hoe, "Ny zavatra tokana fantatro, dia niezaka hanamarina Hafatra iray tamin'i Abrahama Andriamanitra indray mandeha, ary niteny ondrilahy iray ho amin'ny fisiana Izy, satria nila ondrilahy iray Izy, mba hanamarina an'Izany. Tsy maintsy nila vontsira iray aho, mba hitenenana ny ahy. Ary Nataony imbalo nisesy izany, na impito nisesy, raha ny marina, impito nisesy." Dia hoy aho hoe . . .

<sup>174</sup> Ary, Hattie, angamba tsy fantatro izay nolazain'ilay vehivavy. Jereo hoe toy ny ahoana no andalovan'Izany fotsiny an'ilay mpanan-karena sy ilay mpirehareha. Jereo hoe toy ny ahoana no andalovan'Izany fotsiny ny zavatra rehetra, ka tonga

teo amin'ny vehivavy tambanivohitra antitra mahantra kely iray tany.

<sup>175</sup> Ary nanana roapolo dolara aho tao anatin'ny paosiko, mba haverina amin'ilay vehivavy, fa, nampanantena dimampolo dolara izy ho an'io fiangonana vaovao ho avy io. Ary tsy milaza an'izao aho hahasakatra azy; tsy afaka nahazo dimampolo cents izy, raha ny marina, hanome an'izany. Fa, ny fony tao amin'ilay Hafatra, dia te-hanome izy. Rahalahy Neville, mino aho, no nanaiky an'izany, tsy haka ny sisa amin'izany, fa hamela azy fotsiny hanome roapolo dolara amin'izany. Ary nanana ravimbola folo dolara anankiroa aho tao anatin'ny paosiko, Meda no nanome ahy ho an'ireo enta-madinika, ary hoy aho hoe, "Haveriko aminy izany androany."

<sup>176</sup> Tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho, nisy Zavatra niteny tamiko, nanao hoe, "Nahita an'ilay mpitondratena nametraka iraimbilanja telo tao amin'ny azy Jesosy, fa tsy namerina an'izany taminy mihitsy Izy." Navelany nandeha izy satria nanana zavatra lehibe kokoa Izy teny an-dàlana.

<sup>177</sup> Kely no nahafantarako fa tahaka an'izany no Nitenenany tamiko, ny amin'ny vehivavy mpitondratena iray, tsy nanana vady. Novonoina ny vadiny. Tsy nahafantatra koa aho hoe ilay Anankiray ihany izany, rehefa hoy aho hoe, "Noho izany dia hotehiriziko fotsiny ireo roapolo dolara, manana zavatra hafa ho azy Ianao."

<sup>178</sup> Hoy aho hoe, "Ny zavatra tokana fantatro, hoe Jehovah dia mbola Jehovah-Jire foana. Afaka manomana fanatitra iray Izy."

<sup>179</sup> Ary Hattie, tsy nahafantatra an'izay nolazainy, dia nitsangana ka nanao hoe, "Tsy misy afa-tsy ny fahamarinana izany, Ranadahy Branham." Oh, oadray! Izany ilay zavatra marina ho lazaina. Izany ilay zavatra marina ho lazaina.

<sup>180</sup> Saiky tamin'io fotoana io, dia namely an'io toerana io ny Herin'Andriamanitra; tsy mbola nahatsapa hosotra tahaka an'izany mihitsy aho. Rehefa namely Izany, dia hoy aho hoe, "Hattie, HOY NY TOMPO HOE, angataho izay tianao! Tsy ahoako na inona ilay izy, Andriamanitra no nanome ahy ny fahefana hanome anao ny fanirian'ny fonao izao ankehitriny izao. Raha mangataka iray tapitrisa dolara ianao, dia afaka mahazo an'izany. Mangataha ho an'io zazavavy kely kilemaina io mba hitsangana sy handeha, dia ho azony izany. Mangataha na inona na inona hafa."

Hoy izy hoe, "Inona no hangatahako, Ranadahy Branham?"

<sup>181</sup> Hoy aho hoe, "Na inona na inona tianao. HOY NY TOMPO HOE." Oh, fihetseham-po iray toy ny inona!

<sup>182</sup> Nijery nanodidina izy. Nipetraka teo ny dadany antitra fotsy volo izay tafaverina avy tamin'ny maty, saiky. Nipetraka teo

ny reniny antitra, farofy. Nipetraka teo ny rahavavy keliny, kilemaina.

183 Fa nisafidy fotsiny an'izay marina izy. Nanana zazalahy adolantsento roa izy izay tao anatin'io taonan'ny tsifiraharahiana io. Ny vadiny sarobidy efa lasa any amin'ny Voninahitra; Kristiana iray izy, miandry. Fa ireo zazalahy dia tsy Kristiana. Hoy izy hoe, "Ny fanahin'ireo zanako lahy roa." Andriamanitra anie hitahy ny fony.

184 Hoy aho hoe, "HOY NY TOMPO HOE, azonao izy ireo."

185 Ary eto izy ireo, vita batisa tao amin'ilay Finoana. Niteny tamiko izy ireo indray hariva, fa na dia, ilay zazalahy bitika kely aza dia nanasa tongotra tato, nametraka ny tãnany teo ambonin'ny lohan-dRahalahy Neville, ary nivavaka ho azy rehefa nanasa tongotra izy.

186 Mipetraka ato amin'ny fivoriana ato angamba ireo zazalahy kely anankiroa izao maraina izao any ho any. Izy ireo ve, Hattie, eto miaraka aminao ve izy ireo? [Hoy Ranabavy Hattie hoe, "Ery aoriana ery izy ireo."—Mpand.] Any aoriana, any amin'ny farany aoriana. Aiza ianareo, ry tovolahy? Atsangano ny tãnanareo. Aiza ireo zazalahy anankiroa? Ireo izy ireo, mitsangana eny amin'ny farany aoriana. Andriamanitra hitahy anareo. Eny ary. Eo ianareo izao.

187 Ankehitriny, inona no nitranga? Ilay zavatra iray ihany, tsy mampaninona na inona, no nitranga tamin'ny . . . inona no ho nangatahany, dia afaka nahazo an'izany izy. Afaka nandray an'izany izy.

188 Ankehitriny dia te-hahita an'izany mitranga aho. Izany dia miankina amin'ny toetran'ny olona manoloana ny Hafatra. Hitanareo ve hoe ahoana no nilazany an'ilay izy? Nilaza fotsiny an'ilay zavatra marina izy. Izay lazainareo, no manao an'ilay izy. Izay lazainareo!

189 Jereo ilay vehivavy Syrofoinika rehefa nanatona an'i Jesosy izy. Hoy izy hoe, "Tampo, tena ampijalian'ny devoly mafy ny zanakovavy. Ianao ry Zanak'i Davida, tongava hanasitrana azy."

190 Hoy Izy hoe, "Tsy mety Amiko ny maka ny mofon'ny ankizy ka manome an'izany ho anareo alika."

191 Fioo! Ahoana moa raha nilaza an'izany tamin'ny sasany amintsika Izy? Hilaza isika hoe, "Miantso ahy ho alika ve? Hah, tsy misy na inona na inona Aminy, na ahoana na ahoana! Marina ny an'ilay fiangonana goavana. Tsy misy afa-tsy holy-roller iray Izy. Tsy misy afa-tsy Belzeboba iray Izy." Isika no hanana an'izany toetra izany. Fa tsy izy.

192 Hoy izy hoe, "Marina izany, Tompo. Marina tokoa ny Anao. Saingy ireo alika dia manaiky ny hihinana an'ireo sombintsombiny eo ambanin'ny latabatr'ireo ankizy."

193 Nahakasika Azy izany. Hoy Izy hoe, “Noho izany filazana izany, dia niala tamin’ny zanakao vavy ny devoly. Noho izany filazana izany!”

194 Ilay izy dia ny toetranareo, ry sakaiza. Tsy nilaza an’izany ve Izy? Tsy maintsy mino an’izany ianareo, ry sakaiza. Ianareo, aza mino ahy, olona iray aho; fa minoa an’izay teneniko aminareo, minoa ny Hafatra. Raha tsy mino an’ilay iraka ianareo, dia minoa ny Hafatra. Raha miditra eo amin’ny efitra eo ny olona iray, miaraka amin’ny telegrama anankiray, tsy mampaninona na iza, na toy ny inona ilay lehilahy na iza izy, goavana na kely, mino an’izay eo amin’ilay telegrama ianareo, fa tsy ilay olona. Andriamanitra no naniraka ahy hiteny aminareo. Manana Hafatra iray aho. Andriamanitra no naniraka ahy hiteny aminareo fa nitsangana tamin’ny maty Izy, hoe eto Izy izao maraina izao. Efa Noporofoiny tamin’ny alàlan’ireo famantarana sy fahagagana izany, hoe eto Izy, ka ny tsirairay avy aminareo dia afaka ho sitrana amin’ny aretinareo raha handray fotsiny an’ilay toetra marina ianareo raha manatona. Hataonareo ve izany, raha mbola mihira ny *Minoa Fotsiny* isika.

195 Ankehitriny aoka ireo izay hivavahana, ho tonga eto avy hatrany ary hilahatra tsara manodidina eto. Ankehitriny, aza manatona raha tsy mino amin’ny fonareo rehetra ianareo.

196 Tompo sarobidy, izao no ora. Mivavaka aho mba Hanasitrananao an’ireto olona ireto, Tompo. Ary hamasino ity diloilo ity. Raiso ho an’ny Tenanao ny voninahitra, Ray. Mandefa an’ireto amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy izahay. Amena.

197 Manontany aho raha afaka hangataka isika mba ireto olona izay mitsangana eo amin’ity ilany eto ity, raha misy fomba iray izay ahafahan’izy ireo mamela efitra kely eto fotsiny, mba ahafahanay manao ny olona handalo, raha vitanareo. Eto mihitsy, mba hivoaka amin’ity lalana itsy. Amin’izay fotoana izay dia afaka tonga amin’ity lalana ity izy rehetra, ao amin’ilay laharana mihitsy, mba hanao laharana anankiray mivoaka amin’ity lalana itsy.

198 Tsy maintsy misy zavatra iray hitranga, Rahalahy Neville. [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Amena. Mitranga mihitsy izany izao ankehitriny izao. Deraina ny Tompo! Eto Jesosy. Eny. Ny tsirairay avy amin’izy ireo dia sitran’ny Herin’Andriamanitra.”—Mpand.] Amena.

199 (Ahoana hoe? Marina . . . Eny, tsia, etsy am-pita etsy mihitsy. Izaho sy Rahalahy Neville, hia, hivavaka ho an’ireo izay eny amin’ny farany izahay. Noho izany, tsy afaka hitondra azy ireo eto amin’ity lalana ity, satria raha hitondra ianareo, raha mitondra ianareo, ianareo dia ho . . . Iray minitra fotsiny . . . ? . . .)

200 Ankehitriny dia mamela ahy hilaza amin’ilay mpanatrika izay miandry: *Ity* no Tenin’Andriamanitra, Izay izaho . . . Izay nivelomako, sy hahafatesako, nohon’ny fahasoaavana sy

ny fanampian'Andriamanitra. Andriamanitra no Mpitsarako masina, efa niteny taminareo ny Fahamarinana aho. Izaho efa nahita, ary mifanaraka amin'izany ireo zavatra rehetra ireo. Hatramin'ilay trondro kely izay natsangana tany aza, efa mba nandre an'izany tantara izany ve ianareo? Mipetraka eo aoriana eo ireo lehilahy, izy roa, izay tany rehefa nitranga izany; niteny indray andro talohan'ny nitrangany. Ankehitriny, ahoana no ahafahako hiteny aminareo an'ireo zavatra izay misy? Hitanareo, tiako ny hitory eo, iray amin'ireo hariva, eo amin'ny *Fampitovian-danja*. Afaka miteny zavatra iray aminareo ny olona, ary manohy manorina tahaka an'izany, saingy raha tsy misy Soratra hampitovy lanja an'izany, dia hianjera izany amin'ny farany. Raha io famantarana io, ary ireo fahitana sy ny sisa izay noteneniko taminareo, raha tsy izany no Fahamarinana; ny zavatra voalohany, misy Baiboly iray hanohana an'izany, ary nisy ny Fanahy Masina hanaporofa fa niteny ny Fahamarinana aho.

<sup>201</sup> Ankehitriny, efa teo amin'ny efatra ambin'ny folo taona teo aho no teo amin'ny saha, nandalo ny fanakianana rehetra izay mety nisy teo anoloako. Nianatra, manan-tsaina, ny zavatra hafa rehetra, tsy nisy na indray mandeha aza nahafahan'izy ireo . . .

<sup>202</sup> Noho izany dia fantatrareo ve izay nolazain'izy ireo? Nandre an'izany ianareo teto. Hoy izy ireo hoe, “Handehandeha ireo olona ao amin'ny mpanatrika, hiresaka amin'ny olona.” Voalohany dia nilaza izy ireo fa olona avy ao amin'ny fiangonako, no miakatra eo mba hatao. Noho izany dia tsy afaka nahazo an'izany izy ireo, misy marobe amin'izy ireo.

<sup>203</sup> Ny zavatra manaraka nolazain'izy ireo, dia, “Ilay izy dia toy ny hoe ireo rahalahy” izay miaraka amiko, “mitsangana ao aoriana ao izy ireo ka manao hoe, ‘*Ity* lehilahy ity dia manana fandrenesena, ao amin'ny sofiny.”

<sup>204</sup> Avy eo dia nilaza izy ireo fa, “Billy Paul, tonga i Billy Paul ka—ka miakatra eo ary mamaky eo amin'ilay karatra, an'izay lazain'ny olona. Raha misy zavatra tsy mety eo amin'ny sofiny'izy ireo, dia hilaza izy hoe, ‘ny sofiny'izy ireo’ na ‘ny vavonin'izy ireo.’”

<sup>205</sup> Ahoana marina no ahafahan'ireo izay tsy manana karatra fangataham-bavaka eo? Ahoana marina no ahafahan'izany hiteny mialoha an'izay mitranga tanteraka tokoa? Ahoana no hampety an'ilay izy tahaka an'izany? Tsy hety izany. Ny olona iray dia mahafantatra, izay manana ny sainy tsara.

<sup>206</sup> Nilaza an'ilay zavatra iray ihany mikasika an'i Jesosy izy ireo, rehefa nandeha i Filipo ka nitondra an'i Natanaela. “Efa sakaizan'i Jesosy izy.” Hoy izy hoe, “Azo antoka, niteny ny rehetra mikasika an'izany tamin'i Jesosy izy. Hanaraka azy izy.”

207 Ary avy eo dia nilaza ireo mpianatra, na nilaza ireo mpianatr'ilay fiangonana goavana hoe, "Belzeboba io Lehilahy io. Belzeboba Izy. Mpanao hatsarana iray Izy."

208 Hoy Jesosy hoe, "Hamela anareo Aho ny amin'izany. Fa indray andro any dia ho tonga ny Fanahy Masina hanao an'ilay zavatra iray ihany, teny anankiray manohitra an'Izany dia tsy ho havela mihitsy." Ankehitriny raha . . .

209 Efa nahitsy fo taminareo olona aho, nahitsy fo arak'izay fantatro hoe ahoana. Oh, mety efa niteny nanohitra ny finoana sasantsasany izay anananareo ao amin'ny teolojia kely sy ny sisa aho. Fa, ny antony anaovako an'izany, dia hoy i Paoly hoe, "Raha misy anjely iray avy any An-danitra tonga ka mitory zavatra hafa afa-tsy izay lazain'ny Baiboly," sy izay nampianariny, "dia aoka izy ho voaozona."

210 Noho izany, tsy maintsy manaraka fotsiny an'izay nolazain'ny Baiboly aho. Raha nilaza ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly ary mandrakizay," dia mino an'izany aho. Na inona na inona fotsiny nolazain'ny Baiboly, dia izany marina tokoa no inoako. Milaza fotsiny an'ilay izy tahaka an'izany aho. Tsy nanana fianarana aho, tsy nanana fiofanana. Nihaino fotsiny ny Fanahy Masina sy ny Baiboly aho. Ary hatreto, hatramin'ity marainan'ny Paska ity, nandritry ny iraika amby telopolo taona, dia tsy nandao ahy mihitsy Izy.

211 Ary teneniko aminareo fa ny Fanahy Masina no niteny tamiko mikasika an'io asam-panompoana ho avy io, nandritr'ireo roa na telo taona lasa, ary efa niteny tamin'ireo fiangonana aho hatraiza hatraiza. Ary ilay Andriamanitra Tsitoha no Mpitsarako, eto amin'ity ilan'ny Salema ity, fa tonga teo amin'ny fisiana ireo vontsira ireo teo amin'izay tsy nisy vontsira mihitsy. Tany mihitsy niaraka tamin'i Charlie, mitsangana iry aorina iry, ary maro amin'izy ireo eto Kentucky eto; tonga teo amin'ny toerana izay tsy nisy azy ireo mihitsy ireo vontsira ireo, niteny hoe aiza no hisy azy. Misy an'i Tony sy izy ireo, Banks, mipetraka eo. Ary teo izany, marina tokoa. Niverina avy hatrany aho, ka ny olombelona voalohany izay hany nitenenana an'izany, dia io vehivavy mipetraka eo io, ary eo izany. Ilay indray maraina tany, rehefa narary tamin'izany aretin-tenda izany aho, dia nahita an'i Jesosy nitsangana teo anoloako, ary Izy no niteny tamiko fa efa nohamarinina tamiko ilay asam-panompoana.

212 Ankehitriny dia inona no tsy maintsy hiseho, tsy fantatro. Fa, zavatra anankiray, tsy maintsy manaisotra an'ilay hafa aho, miala amin'ity. Ny fomba tokana izay fantatro hatao. Aoka ho fantatra izany ankehitriny. Aoka ho vita sokitra izany, araka ny nolazain'i Joba aninkeo maraina, miaraka amin'ny penina vy, eo amin'ny vatolampy iray. Tsy fantatro izay hatao. Ny zavatra tokana izay fantatro, dia ny mandroso. Izy no niteny tamiko.

Ary Andriamanitra no Mpitsarako, Izy no niteny tamiko. Niteny taminareo ny Fahamarinana aho. Ary raha Andriamanitra no efa nanamarina ka niteny taminareo, ary tsy misy na indray mandeha aza eto olona afaka mametraka ny tânany eo amin'ny zavatra iray izay diso, amin'izay fotoana izay ity dia marina, ihany koa. Izany dia marina, ihany koa.

213 Ankehitriny rehefa mandeha eto aho ka mitsangana eo amin'ny faran'ilay laharana. Haka an'ilay loholona aho, Rahalahy Neville eo, lehilahy masina iray, ny pasiterantsika eto, mba hanosotra ny olona. Hametra-tànana eo amin'ny olona aho, satria ny fanirahan'i Jesosy, taorian'ny Paska, dia, "Mandehana mametra-tànana eo amin'ny marary, dia ho sitrana izy ireny."

214 Tsy fantatro izay Hoteneniny amiko ao amin'ilay laharana. Hiezaka aho ny hitady an'io hosotra ambony io. Tsy fantatro izay hiseho. Tsy fantatro. Na inona na inona ilay izy, dia hanao fotsiny arak'izay Teneniny amiko aho.

215 Ankehitriny mandalova, mandalova amin'ny fo feno. Tsy mampaninona raha mananatra anareo Izy, raha tsy milaza na inona na inona aminareo Izy, tsy mampaninona na inona ilay izy, mandehana mivoaka misaotra Azy, hitanareo. Satria, efa vita ilay asa, izany no fomba iray hahazoana anareo.

216 Ankehitriny, rahalahy, miaraka amin'io ranjo io, tiako ianao hino an'izany. Raha Izy, tamin'ny alàlan'ny telefona, no afaka nanala an'io aretim-bavony io taminao, dia azo antoka fa afaka hanala an'io aretin-dranjo io aminao Izy izao maraina izao, hitanao. Ankehitriny minoa amin'ny fonao rehetra.

217 Ary ilay ramatoa miaraka amin'io zaza kely izay tratry ny aretim-po io, aza misalasalala intsony. Minoa! Minoa!

218 Ankehitriny dia tiako ny olona rehetra ato amin'ny fiangonana ho ao amin'ny vavaka. Ary hidina aho mba hivavaka. Ianareo rehetra manohiza fotsiny ao amin'ny vavaka ankehitriny, raha mitety an'ity laharam-bavaka ity aho, mangataka, mametraka ny tânako eo fotsiny ary manonona fitahiana iray.

219 Ary, tsarovy, raha misy aminareo manana fahotana tsy voaaiiky, dia aoka ho fantatrareo fa tsy hanasitrana anareo amin'io fahotana tsy voaaiiky io mihitsy Andriamanitra. Ahitsiho izany, alohan'ny andalovanareo eto, satria mety hanao anareo ho ratsy kokoa izany. Hitanareo?

220 Ankehitriny tsy ao amin'ny famantarana izao. Famantarana, hitako ireo zavatra ireo. Fa, ary tsy famantarana ity, eo am-pitadiavana asam-panompoana iray vaovao aho. Mahazo tsara ve ianareo rehetra? Eny àry. Minoa ankehitriny.

Ankehitriny dia ndao isika hivavaka raha manondrika ny lohantsika isika.

<sup>221</sup> Andriamanitra Ray, mbola eo amin'ity polipitra ity foana ireo dian-tànako, ora sy ora aty aoriana, satria saiky telopolo taona na mihoatra ankehitriny, no efa nitsanganako teto nitory teny, ary nanerana an'izao tontolo izao. Ary Ianao no nanamarina ny Filazantsara izay efa notoriako, satria avy Aminao ny Hafatra. Tsy nandeha tany amin'ny sekoly mihitsy aho, tsy nanontany olona iray mihitsy afa-tsy Ianao, namaky Ny Teninao ary niandry ny hahita izay holazain'ny Fanahy hatao.

<sup>222</sup> Ary ankehitriny, Tompo, Ianao no mahafantatra ny mikasika an'io asam-panompoan'ny Marka 11:23 io, ary mahafantatra fa antomotra ilay ora, mahafantatra fa efa niteny tamim-pahatokiana mikasika an'ireo vontsira ireo aho, sy mikasika an-dRanabavy Hattie sy ireo zanany lahy. Ankehitriny, Ray, ary mahafantatra fa io fahitana io dia tonga tamiko tany teo amin'ilay fandriana, indray maraina. Nahita an'io Baiboly io aho, ary avy eo dia ilay hazo fijaliana, ary avy eo dia Ianao. Ary voambara tao an-tsaiko fa tsy maintsy manaiky an'izany aho, satria voamarina izany.

<sup>223</sup> Ankehitriny, Tompo, mandroso aho izao maraina izao ato amin'ny fiangonako, mitsangana eto eo amin'ity marainan'ny Paska ity, mivavaka mba Hampakaranao ahy hatreo amin'ny fanomezam-pahasoavana vaovao iray, mahery lavitra, nohon'ny amin'ny olona, mahery lavitra. Tsy nohon'ny famonjeko; satria Ianao no namonjy ahy, Tompo, efa. Tsy ho an'ny tena; efa nolaviko ireo zavatra lehibe rehetra, mba hahafantatra Anao. Araka ny Nolazainao tamiko tany amin'ilay tempoly malaza, indray andro hoe, "Izaho no anjaranao." Ankehitriny, Tompo, aoka aho ho Anjaranao, mba ahafahako mahita fitia Aminao, mba hidiran'Ny Fanahinao ato amiko. Ary rehefa mametraka ny tànako eo amin'ireto olona sarobidy, mijaly ireto aho, dia enga anie Ny Fanahinao, Tompo, hanao ny sisa amin'ny asa. Izay ihany no fantatro hatao, Tompo.

<sup>224</sup> Tsaroako ny fanirahako, izaho dia "Teraka mba hivavaka ho an'ny olona marary. Ataovy mino izy ireo, ary aoka ho tso-po rehefa mivavaka ianao." Tompo, izaho fotsiny dia... Tsy fantatro hoe ahoana no haha-tso-po kokoa. Izaho—izaho... Mijaly izy ireo, Tompo. Ary izaho—efa nijaly aho, ny tenako. Azafady, Andriamanitra Malala, ekeo mba ho sitrana izy ireo, ny tsirairay avy.

<sup>225</sup> Mandroso aho ankehitriny, Tompo, amin'ny finoana, tahaka ny nandrosoan'i Mosesy nankeo amin'ilay Ranomasina Mena. Miainga avy eto amin'ity polipitra masina ity aho, midina mankeo amin'io laharam-bavaka io, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Enga anie ilay Andriamanitra Izay nanome ahy an'ireo vontsira ireo, ilay Andriamanitra Izay nanome an-dRanabavy Hattie an'ireo teny ireo, ilay Andriamanitra Izay nanao ahy hiteny an'ireo, enga anie Izy handeha hiaraka amiko. Mandeha amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. [Ny sasany tamin'ireo



fanamarihan-dRahalahy Branham dia sarotra renesina ao amin'ilay laharam-bavaka manaraka—Mpand.]

226 Satana, izaho manameloka an'ilay...anao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hiala amin'ilay zazakely. Avelao izy, mivoaha avy ao amin'ity ankizy ity; mandehana, ary aoka ho salama ilay zazakely.

227 Mametraka ny tãnako eo amin'ny rahalahiko aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ka manameloka ny fahorian'ny vatany. Amena.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, omeo azy ny fangatahany.

228 Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, omeo an-dRanabavy Ruth ny fahasitranany. Amena.

229 Hivavaka ho an'ilay zazakely aho. Fa izaho—midina avy eto amin'ity polipitra ity aho... Aiza ianao no mipetraka? [Hoy ilay anabavy hoe, "Bloomington."—Mpand.] Bloomington, Indiana ve? Manorata taratasy iray ho ahy mikasika an'ity zazakely ity. Mibontsina tanteraka ao amin'ny vavony ankehitriny. Hino ve ianao, ramatoa, fa marina izany? ["Mino aho fa marina Izany."]

230 Noho izany, Ray, mametraka ny tãnako aho eo amin'ny...ity zazakely ity, ary manameloka an'io devoly io. Mialà amin'ilay zazakely. Ary enga anie ilay...?... Enga anie ho ara-dalàna izany ankehitriny ka ho sitrana ilay zazakely.

Manorata taratasy iray ho ahy, afaka andro vitsivitsy.

231 Hitanao ve io zaza kely balamaso mandry eo io? Raha tsy hisalalala intsony ianao, dia ento miverina *ity* zazakely ity ka aseho fa ara-dalàna ilay izy ary salama.

232 Mametra-tànana eo amin'ity anabavy ity aho. Ary enga anie izy hanana ny toetran'ilay vehivavy Syrofoinika. Ary enga anie izy ho sitrana amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy...?...

Aoka ho salama ilay fo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

233 Miteny an'ireo teny ireo aho. Tsy maintsy ho salama izy. Tsy mety ho zavatra hafa izany. Hoy Jesosy hoe, "Mety Aho, raha hino ianao." Ankehitriny, raha afaka manao vontsira iray hiseho mihitsy Izy tahaka an'*izao*, tahaka ny Nanaovany an'ilay ondrilahy indray mandeha, dia afaka manao an'io fo io hiseho ho ara-dalàna sy salama Izy. Tsy maintsy hisy izany.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, aoka ho salama ilay fo. Ekeo izany.

234 Ankehitriny, tsy tsotra ve izany? Tsotra ilay izy. Tena tsotra Andriamanitra, mandeha eo an-tampon'izany isika. Ankehitriny dia aoka ho tena tsotra mihitsy mba tsy hieritritra mikasika an'izany intsony akory aza. Ho mety tsara izany.

235 Tompo, aoka ho salama ny anabavinay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena. Ranabavy...?...

<sup>236</sup> Tompo, efa nolazaiko ireo teny ireo ankehitriny, mahitsy fo arak'izay azoko iaikena teo anatrehan'ny olona. Efa niteny tamin'izy ireo aho hoe, "Raha milaza amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala, dia afaka mahazo an'izay nolazainareo ianareo." Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie hiala ity fahoriana ity, sy ny aretinao rehetra izay anananao. Aza misalasala ankehitriny. Mandehana akaiky Azy mihitsy ankehitriny.

<sup>237</sup> Tompo, mametraka ny tånako eo amin'ity ankizy kely miaraka amin'ny aretin'an-doha mahatsiravina ity aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho sitrana. Amena.

<sup>238</sup> Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, aoka hifindra hiala aminy io tendrombohitra io, enga anie izy ho sitrana. Enga anie ny rahalahinay ho sitrana ankehitriny...?... Amena.

<sup>239</sup> Marenina sy moana; moana marenina. Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! Nitsangana aho ary nitroy teny isan'andro, sy isan-taona, tsy mbola nahita finoana nifandray Taminao mihitsy aho, teo amin'ny fiainako rehetra, ka tsy nisy zavatra nitranga! Ankehitriny, dia marenina izy ao amin'ny sofiny, ary tataka ao amin'ny vavoniny. Aoka izy ho sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Ankehitriny, aza misalasala.

<sup>240</sup> Tompo, Ianao no mahafantatra an'ireo fahorian'ny vatany. Miaraka amin'ireo tånana eo aminy, miaraka amin'ny fo tsotra iray, aoka izy ho sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>241</sup> Fahafatesana no mandry eo amin'ny varavarana iray, ny finoana eo amin'ilay manaraka. Andriamanitra, akodiavo ilay vato ka aoka ny finoana no hifehy. Enga anie hiala aminy ilay homamiadana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

<sup>242</sup> Tompo, enga anie izy ho sitrana. Mametra-tånana eo aminy aho. Mbola maneno manerana an'ireo rindrina foana ny Hafatra. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho sitrana.

<sup>243</sup> Andriamanitra Ray, mametra-tånana eo amin'ny rahalahiko aho. Ho tanteraka anie izany, Tompo, Ny Fanahinao sy ny herinao, hanome azy ny fangatahany. Ho tanteraka anie izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Tapitra ilay izy. Aza isalasalana ilay izy ankehitriny.

<sup>244</sup> Tompo, ny fanirian'ny rahalahinay dia ny ho tonga eo amin'Ny Fanatrehanao, miaraka amin'ity aretina eo aminy ity. Ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, aoka izy hahazo an'izay angatahiny. Amena.

<sup>245</sup> Zavatra lehibe iray toy ny inona! Aoka ny Fanahy Masina ho tonga eo amin'ity ankizy ity, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra mba ahafahan'izy ireo mitondra azy ao amin'ny...?...

Nohon'ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, enga anie izy handray an'izany. Amena.

<sup>246</sup> Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho tanteraka anie izany, mba ho sitrana anie ny anabavinay, ary ny fangatahany ho ekena, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

<sup>247</sup> Enga anie ho vita izany. Handray ny Fanahy Masina ianao. Tsy misy fomba hanakana anao amin'ny...?...Tsy maintsy handray ianao! Tsy maintsy handray an'izany ianao, satria Andriamanitra no niteny an'izany. Mihazòna amin'izany ianao.

Vakio fotsiny io zavatra mafy kely eo io. Lazao fotsiny...?...

<sup>248</sup> Ray any An-danitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo ny fangatahan'ny anabavinay. Amena.

<sup>249</sup> Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo ny fangatahan'ny anabavinay. Enga anie izy ho sitrana. Amena.

<sup>250</sup> Afaka manao vontsira iray ho tonga eo amin'ny fisiana Izy, impito nisesy. Nanome an'ilay vehivavy ny zavatra rehetra izay nangatahany Izy; hanome an'izany ho anao Izy...?...

<sup>251</sup> Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo ny fangatahan'ny anabavinay. Izany No Teninao. Misaotra Anao. Ary enga anie izany ho ekena mba ho azy, Ray, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>252</sup> Ireo malalanao? Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo ireo...?...

<sup>253</sup> Tompo, ity vehivavy kely Jiosy ity...Ianao no Andriamanitr'i Abrahama. Ekeo izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ny fangatahany. Ho tanteraka anie izany!

<sup>254</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Andriamanitry ny Lanitra, ekeo ny fangatahany. Amena.

<sup>255</sup> Ity zazavavy kely ity. Vao nanatona teo amin'ny lampihazo teo mihitsy ianao, dia niteny tamiko mikasika ny fiainanao Andriamanitra. Hanala an'io fikorontanan-tsaina io aminao Izy.

<sup>256</sup> Tompo, manameloka an'ilay fikorontanan-tsaina ao amin'ity zazavavy ity aho. Enga anie izany hiala aminy amin'izao ora izao ka handeha hiala eto izy ho tena sambatra. Ho tanteraka izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

<sup>257</sup> Andriamanitry ny Lanitra, Izay nanangana Ny Zanakao, Jesosy, tao amin'ny fitsanganana no ankalazainay, enga anie izy hankalaza an'izany lehibe kokoa androany...?...Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

<sup>258</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, mametra-tànana eo amin'ny anabaviko aho, mangataka mba ho sitrana anie izy ankehitriny amin'ny Anaran'i Jesosy.

<sup>259</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ilay Zanak'Andriamanitra, enga anie ho sitrana ny anabavinay. Amena. Tsy afaka mihazona azy izany. Tsy maintsy miala izany. Mandehana, tsy maintsy miala fotsiny io.

<sup>260</sup> Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho sitrana ny anabavinay. Amena. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anasitranako an'ity, ny anabaviko. Amena.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anasitranako ny anabaviko. Amena.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anasitranako ny anabaviko.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anasitranako an'ity, ny anabaviko.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako azy ny fangatahany. Amena.

<sup>261</sup> Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako ho an'ity reny kely ity ny fangatahany.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako azy ny fangatahany, Tompo.

Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako azy ny fangatahany.

<sup>262</sup> Satana, mandroaka anao aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mialà amin'ilay vehivavy.

<sup>263</sup> Efa namatotra anao ela be. Afaka ianao ankehitriny. Ho salama ianao. Ho mety tsara izany ankehitriny, arak'izany. Minoa an'izany ankehitriny.

<sup>264</sup> Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako an'ity anabavy ity, izay kilemaina, ny fahasitranany. Amena.

<sup>265</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako an'ity anabavy ity ny fahasitranany. Amena.

<sup>266</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ranabavy, no anomezako anao ny fahasitrananao. Amena. Ho tanteraka anie izany!

<sup>267</sup> Matoky an'Andriamanitra aho fa tsy manao fahadisoana. Ekeo izany, amin'ny finoana. Ho tanteraka anie izany!

<sup>268</sup> Mino ve ianao fa Andriamanitra no manome hery anao mba hanasitrana ny aretim-ponao koa? Mino an'ilay tantara izay vao avy noteneniko ve ianao? Amin'ny fonao rehetra ve? Noho izany dia omeko anao ny fahasitrananao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako anao ny fahasitrananao.

<sup>269</sup> Iza no anaran'io vehivavy izay vao avy nandeha teto io mihitsy? Mipetraka manodidina eto any ho any ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Tsarovy fa sitrana ianao! Marina tahaka ny itsanganako eto mihitsy izany.

270 Ray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ekeo izao, mivavaka aho, ny fahasitranany. Amena.

271 Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy hahazo ny fahasitranany. Amena!

272 Izaho—izaho—izaho manonona aminao... Izaho—izaho—izaho... Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, omeko anao ny fahasitrananao! Mandroaka an'io devoly io, ihany koa.

273 Mino ve ianao Ranabavy Rose? O Tompo, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, omeo an'ity Ranabavy Rose Austin ity izany fahasitranana izany, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena. Izay ilay izy, Ranabavy Rose, mandehana mino ankehitriny.

274 Tompo, omeo ny anabavinay ny fahasitranany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena...?...

275 Mino an'izany ve ianao? Mino ny kely tsirairay amin'izany ianao. Noho izany dia omeko anao, amin'ny Anaran'i Jesosy, ny fangatahanao. Andriamanitra no hanao azy ho salama.

276 Ho tanteraka anie izany, Tompo, ka ho sitrana ny anadahiny, ara-batana sy ara-panahy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena!

Enga anie ho ity ny ora izay rehefa...?...

277 Tompo, mametra-tànana eo aminy aho, fa tsy manampanantenana tanteraka tokoa izy, arak'ireo dokotera na ny fitsaboana rehetra avy amin'ny siansa ara-pitsaboana. Fa tsy avy amin'ny fihaonana tamin'ilay Kristy nitsangana. Amin'ny Anaran'i Jesosy, aoka ho sitrana. Amena.

[Miresaka amin'ny anabavy iray Rahalahy Branham—Mpand.]...?...

278 Tompo, omeo ny anabavinay, izay mihaino tsara ny fangatahany, mitandrina ny teny tsirairay izay lazainy. Izany dia nohon'ny amin'ny Fanjakana. Mivavaka aho mba Hanekenao an'izany ho azy, amin'ny Anaran'i Jesosy.

[Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.]...?...

279 Tompo, amin'ny maha-Mpanomponao, mihaino an'io reny mitomany ho an'ny zazakeliny io, dia manameloka an'ilay devoly izay nanao an'io aho.

280 Ary eo amin'ny fiaiken'ny finoan'ilay vehivavy, dia mandroaka an'io devoly io aho. Tsy afaka hanao an'io ankizy io ho kilemaina ianao. Aoka ho sitrana amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Ho sitrana mihitsy izy, ranabavy. Aza misalasala an'izany mihitsy, na kely aza. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Zazakelinao ve ity? Enga anie izy handray ny Fanahy Masina!

<sup>281</sup> Tsy hitondra an'ilay zazakely any ho any ve ianao ka hihaino azy minitra vitsy fotsiny. Mino aho fa nisy zavatra nitranga tamin'ilay zazakely. Ho azonao izany. Mino an'izany ve ianao?

<sup>282</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy enga anie hahazo ny fahasitranany ny rahalahinay.

<sup>283</sup> Tompo, enga anie ny Herin'Andriamanitra Tsitoha hanameloka ny fahorian'ny vatany, ka hameno azy ny Fanahy Masina. Izao no ora sy fotoana. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, omeko azy Izany. Amena.

<sup>284</sup> Lasa ny siramamy. Nandray ny Fanahy Masina ianao. Hafiriana ianao no efa ory...?...Nandritry ny fiainanao rehetra. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Kristy ka hanafaka anao amin'io fahoriana io; hanao anao ara-dalàna?

<sup>285</sup> Ny zanakao? Ny—ny tongotrao. Tonga irery fotsiny ianao? Raha nanana aho, raha—raha nanana hery tao amin'ny tenako aho, hitanao! Nefa mino aho fa hanampy ahy hanana finoana ho an'izany Andriamanitra. Hanao ny zavatra rehetra izay ao amin'ny fahefako aho. Mino ahy ve ianao? Mino an'ilay tantara mikasika an'ireo vontsira ve ianao? Mino ve ianao? Mino ve ianao fa azo atao izany, ka izao maraina izao, dia afaka hanasitrana ny vatanao Andriamanitra, ary hamindra indray ianao, hamindra tahaka ny tokony namindranao tamin'ny voalohany? Nisy zavatra nitranga fotsiny nandritry ny fahaterahanao tany, misy zavatra izay nampiato zavatra kely fotsiny ka tsy nitombo tsara fotsiny ianao. Toy ny hoe tongotra iray nitombo nihoatra an'ilay tongotra hafa fotsiny, izany no mihazona azy hidina. Eny, raha io tongotra io no afaka miala amin'io tongotra io, dia ho lasa hahitsy izy ka ho mety tsara. Hitanao? Marina ve izany? Ozona iray izany. Ozona iray izany. Raha afaka miala ilay ozona, amin'izay fotoana izay dia ho salama ianao. Hitanao?

<sup>286</sup> Tompo, mieritreritra aho, ahoana moa raha ny zanako ity, ahoana moa raha ny rahalahiko ity? Amin'ny finoana, no anesorako an'ilay ozona, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>287</sup> Tompo, mametraka ny tanao eo aminy aho ka mangataka ny fahasitranany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>288</sup> Andriamanitra Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mametra-tànao eo amin'ity vehivavy mijaly ity aho, ho an'ny fahasitranany. Amena.

Ranabavy Nash, efa namonjy anao tamin'ny homamiadana iray Andriamanitra, taona vitsy lasa izay.

289 Tompo, omeo an-dRanabavy Nash ny fangatahany. Amin'ny maha-Mpanomponao, no angatahako an'izany. Ho vita izany. Izany ilay valiny, Ranabavy Nash.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, omeo ny anabavinay ny fangatahany. Amena.

290 [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy sy anabavy iray—Mpand.] Misaotra anao, rahalahy, ary miverena any amin'ny olonao izay tany. Enga anie hanaiky an'izany Andriamanitra. Tena fotoana iray nahafinaritra, niangona nanodidina ny olonao rehefa tany aho. Tany Bombay ve ianao rehefa tany izahay? Eny, noho izany dia mino an'ireo zavatra izay izaho . . . renao ve ianao?

291 Tompo, raha miverina any amin'ireo olony any am-pitan-dranomasina izy, dia enga anie izy ho feno ny Herin'Andriamanitra, ho sitrana amin'ny fangatahana rehetra izay angatahiny. Enga anie izy handeha ka handray an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

292 Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, enga anie hahazo ny fangatahany ny anabavinay.

293 Tompo, ekeo ny fangatahan'ny anabavinay. Enga anie hitsahatra izao ankehitriny izao ny aretiny, nohon'ny fitsanganana amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Amena. Ranabavy, tsy maintsy hisy izany, tsy maintsy hisy fotsiny!

294 [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.] Tianao hiverina ao anatin'ny Filazantsara ve izao? ["Eny."]

295 Tompo Andriamanitra, raha mitsangana eto ity ramatoa tanora ity, tsy ho an'ny antony tia tena mihitsy. Mivavaka ho an'ny anadahiny izy, izay manana aretina ao amin'ny ràny. Omeko azy ny fangatahany. Amin'ny alàlan'ny fanirahana iray nomena ahy tamin'ny alàlan'ny Anjely iray; sy tamin'ny alàlan'ny fahitana iray an'i Jesosy Kristy, herinandro vitsy lasa izay, tao amin'ny efitro; omeko an'ity zazavavy ity ny fangatahany. Amena.

296 Tsy maintsy hisy izany. Mipetraka eto akaiky eto ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Memphis, Tennessee."—Mpand.] Memphis, Tennessee. Manorata taratasy iray ho ahy. Ianao dia—ianaosy dia—hahazo ny fangatahanao ianao.

297 Rahalahy Grimsley. [Miresaka amin-dRahalahy Branham ilay rahalahy—Mpand.] Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Grimsley.

298 Tompo, afaka mahatsiaro izahay hoe lavitra toy ny ahoana no nihavian'ity rahalahy ity, ary ny lavaka izay nandrantsanana azy. Mila amboniny avy amin'ny Fanahinao izy, Tompo. Izany dia omeko azy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mahita an'ireo asany tany aoriana, izay niezahany hanaraka Anao, noho

izany, amin'ny alàlan'ny Herin'ny—ny fanirahana iray nomena ahy tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, nohamarinin'ny Anjely iray sy fahitana iray, dia omeko an-dRahalahy Grimsley ny faniriany. Fenoy finoana feno izy, ary hanana fandehanana iray akaiky kokoa.

<sup>299</sup> Ahoana moa raha niteny tamin'ny aho hoe, mandehana ary aoka ho salama, nohon'ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra? Mino an'izay nolazaiko mikasika an'ireo vontsira sy ny sisa ve ianao, ary mino an'izany ho ny fahamarinana ve ianao? Noho izany, Izy, Izy no manome ahy an'izay lazaiko amin'io “tendrombohitra.”...?...Tsy hanana anankiray hafa intsony ianao. Tsy hanana anankiray hafa intsony ianao. Tsy hisy aretina intsony, ianareo roa dia ho, salama.

<sup>300</sup> Manolotra an'ity fangatahana izay angatahany ity aho, ho azy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>301</sup> Andriamanitra Ray, ekeo ho an'ity, ny anabavinay, ny fangatahany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Eka, ranabavy, mandehana, minoa an'izany.

<sup>302</sup> Ray, raha mandalo ity vehivavy ity, dia mivavaka aho mba Hanomezanao azy ny fangatahany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>303</sup> Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anomezako an'ity vehivavy ity ny fangatahany. Amena. Aza misalasala amin'izany.

<sup>304</sup> [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.] Mino ve ianao fa ho azonao izany? [“Eny.”] Noho izany dia omeko anao ny fangatahanao, amin'ny alàlan'ny Hery nekena ho ahy tamin'ny alàlan'ny fanirahana iray an'i Jesosy Kristy, ary nisy vavolombelona...?...Mandehana, ary—ary homba anao anie Andriamanitra.

<sup>305</sup> Rahalahy Fred, inona no eo amin'ny fonao? [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Rahalahy Sothmann—Mpand.] Rahalahy Freddie Sothmann, manameloka an'io poizina ao amin'ny vatanao io aho. Enga anie hiala aminao izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>306</sup> Rahalahy Collins. [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Rahalahy Collins—Mpand.]

<sup>307</sup> Tompo, mitady ny batisan'ny Fanahy Masina ity rahalahy sarobidy ity. Tompo, miaraka amin'izay rehetra ato anatiko, dia manonona an'izao Tso-drano izao eo amin'ny Rahalahiko Collins aho. Ekeo izany. Enga anie ho tonga eo aminy ny Fanahy Masina, ary engana anie izy ho feno ny Fanahy Masina! Amena.

<sup>308</sup> Rahalahy Collins, hahazo an'Izany ianao, tsy maintsy tonga fotsiny Izany. Mizaha toetra antsika fotsiny Andriamanitra.

<sup>309</sup> Tompo, ekeo ny fangatahany. Enga anie izy hanompo Anao, ary ny fianakaviany hanompo Anao, amin'ny fony rehetra.




<sup>310</sup> Andriamanitra, ekeo ho an'ny anabavinay ny fangatahany. Ho an'izay rehetra nangatahany, dia enga anie ho azony izany, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tomponay. Amena.

<sup>311</sup> Tompo, omeo an'ity rahalahy ity ny hery mba hanampy ny fiangonany. Enga anie ho ekena izany. Omeko azy izany hery izany, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>312</sup> [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny anabavy iray—Mpand.] Ranabavy, zavatra mahatsiravina iray io azonao io, fikorontanan-tsaina. Mino ve ianao fa marina izay ho lazaiko aminao? [“Eny, mino aho.”] Mino an'izany ve ianao ankehitriny, fa izaho—nilaza taminao ny fahamarinana aho. [“Eny.”] Noho izany dia omeko anao ny fahasitrananao, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Azo antoka tahaka ny itsanganako eo amin'ny polipitra mihitsy, niala taminao ny fikorontanan-tsainao.

<sup>313</sup> [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy iray—Mpand.] . . . ? . . . Miavaka izany, manerana anao.

<sup>314</sup> Tompo Andriamanitra, ho an'ny rahalahy keliko sarobidy eto, ny halalin'ny lalin'ny fanahiny dia miantso tahaka ny lalina miantso ny Lalina. Mila ny Fanahy Masina izy. Nanaja ny Asanao izy, Tompo, tamin'ny fomba rehetra izay vitany. Amin'ny alàlan'ny Herin'ny Fanahy Masina, enga anie Izany ho tonga eo amin'ny rahalahiko, ka ho feno ny Herin'Andriamanitra sy ny fahasoavana anie izy, ny Fanahy Masina. Raiso izy, raha mametraka azy aho eo amin'ny . . . 

*MANDEHANA, TENENO* MAG60-0417M  
(Go, Tell)

ANDIAN'NY HAFATRY NY PASKA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady marainan'ny Paska, 17 Aprily, 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2020 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)